# 10 ANDROM-BAVAKA



7-17 JANOARY 2026

*“Ary Izaho hangataka amin’ny Ray, ary Izy hanome anareo Mpananatra hafa mba ho eo aminareo mandrakizay, dia ny Fanahin’ny fahamarinana”*

**– Jao. 14:16,17.**

# HAHAZO HERY!

*Andro 1* **MAHALALA AN’I JESOSY AMIN’NY MAHA-MPAMONJY VELONA AZY**

*Andro 2* **MIFANARAKA AMIN’NY LAHARAM-PAHAMEHAN’NY FANJAKAN’ANDRIAMANITRA**

*Andro 3* **HIHAONA AMIN’I JESOSY REHEFA HO AVY TAMPOKA IZY**

*Andro 4* **MIRAISA SAINA AO AMIN’I KRISTY, AMIN’NY FANETREN-TENA**

*Andro 5* **MIBEBAHA ARY AOKA HO FENO NY FANAHY MASINA**

*Andro 6* **MIJORO HO AN’I KRISTY AMIM-PAHASAHIANA SY MANARAKA AZY AMIM-PAHATOKIANA**

*Andro 7* **MAMPIANATRA NY ANKIZY SY NY TARANAKA REHETRA MBA HITENY HO AN’I JESOSY**

*Andro 8* **TOA AN’I JESOSY, TIAVO NY MPIANAKAVIN’NY FINOANA**

*Andro 9* **MAHITA SY MIKARAKARA IREO HADINON’NY FIARAHAMONINA**

*Andro 10* **AOKA HALALA-TANANA**

## TARIDALANA HO AN'NY MPITARIKA

Mizara telo ny andro tsirairay ao anatin'ny 10 Androm-bavaka:

1. **Fotoana iarahana manokana amin'Andriamanitra**

   Ankafizo ity ampaham-potoana isan'andro ity izay iarahanao samirery amin'Andriamanitra. Izay ankizy mahay mamaky teny, tanora, ary olon-dehibe dia asaina hihaona amin'Andriamanitra ao anatin'ny Soratra Masina, hivavaka, ary hiara-mandeha amin'i Jesosy.

2. **Miara-mivavaka amin'ny ankohonana/namana (Fivavahana ao an-tokantrano)** Asao ny ankohonanao na ny namanao hiaraka aminao mandritra ity fotoana ity. Izay rehetra heverinao ho anisan'ny ankohonanao dia afaka mandray anjara amin'ity fotoana ity avokoa. Mivavaha ho azy ireo voalohany indrindra, ka vorio izy ireo ho amin'ity fotoana sarobidy hiarahana mandinika ny Tenin'Andriamanitra sy hivavahana ity.

3. **Mpianakavin'ny finoana (Fivoriana isan-kariva**) Asao ny fiangonanao, ny mpifanolo-bodirindrina, ary ny namana eo amin'ny fiarahamonina hiara-mivory indray mandeha isan'andro ho amin'ireto vavaka sy hetsika ireto. Manaova vavaka mafana mba hasehon'Andriamanitra aminao hoe iza no tokony hasaina, ankoatra ireo mambra mavitrika ao amin'ny fiangonanao. Diniho amim-bavaka ny fanasana manokana ireo mambra tsy dia mavitrika, mambra nihemotra, mpiara-mianatra, mpiara-miasa, ary mpitandrina avy amin'ny fiangonana hafa.

**Fitsipika hahatonga ny 10 Androm-bavaka ho sahaza ny sokajin-taona rehetra**

1. Ny tompon'andraikitry ny vavaka dia hivory sy handamina izay olona hiara-mivavaka isan'andro ho an'ny ankizy, ny tanora, ary ny olon-dehibe tsirairay ka hanonona ny anaran'izy ireo mandritra ny vavaka. Raha azo atao, dia volana maromaro mialoha ny fanombohan'ny 10 Androm-bavaka no hanatanterahana izany. Hisy ny fanentanana hamoriana mpiara-mivavaka izay hivavaka ho an'ny olona 10 sady hanonona ny anarany ao anatin'ny vavaka, mialoha sy mandritra ny 10 androm-bavaka. Hivavaka isika mba hanomanan'ny Fanahy Masina ny fon'ny tsirairay handray ny Tenin'Andriamanitra voasoratra sy hahazo hery avy amin'ny Fanahy Masina.

2. Hampiasaintsika ny Tenin'Andriamanitra ho loharanom-paharisihana voalohany ho antsika. Hanao izay rehetra azo atao isika mba hananan'ny rehetra Baiboly na ny olon-dehibe na ny ankizy izay afaka hamaky teny. Handray fitahiana ihany koa isika isan'andro amin'ny alalan'ireo teny faminaniana nomena an'i Ellen G. White.

3. Isika izay manolo-tena hiantso ny mambran'ny fiangonantsika mba hivavaka dia hanolo-tena voalohany amin'ireto manaraka ireto:

- Hanokana fotoana isan'andro hivavahana samirery amin' Andriamanitra sy handinihana ny Teniny.
- Hanolo-tena tanteraka ho an'i Jesosy Tompo.
- Hangataka sy handray amin'ny finoana ny batisan'ny Fanahy Masina.

4. Hampidirina anatin'ny vondrona madinika misy olona enina na latsaka ny sokajin-taona rehetra, izay tarihin'ny mpianatra iray sy olon-dehibe iray isaky ny fivoriam-bavaka.
5. Hofidina amim-bavaka sy fiandrasana an'Andriamanitra ireo mpitarika vondrona madinika ireo (roa isaky ny vondrona: olon-dehibe iray sy ankizy/tanora iray), ary homena fitaovana eo amin'ny fitarihana ny hafa ho mpianatra.
6. Hatao izay handraisan'ny sokajin-taona rehetra anjara eo amin'ny fitarihana mandritra ny 10 Androm-bavaka, ary hezahina ny hahatonga ny fizarana tsirairay ho takatry ny sain'ny ankizy 10 taona.
7. Hataontsika fohy ny vavaka mba hahafahan'ny maro mandray anjara. Ankapobeny, fehezan-teny iray na roa anatin'ny vavaka dia ampy hahatonga ny fotoana ho mahasarika ny ankizy sy ny tanora.
8. Hiezaka isika hahatonga ny tsirairay handray anjara mavitrika mandritra ny 10 androm-bavaka fa tsy ho mpanatrika fotsiny.
9. Hanao hira izay ho azon'ny sokajin-taona rehetra hiraina isika, ary hira izay hanampy ny ankizy sy ny tanora ary ny olon-dehibe tsirairay hahafantatra fa manana feo azony iderana an'Andriamanitra izy ireo.
10. Hatolotsika tanteraka ho eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina ny drafitsika isaky ny fivoriana.
11. Hanome sakafo tsotra sy maivana isika mialoha ny fivoriana isan'andro miaraka amin'ny mpiray fanantenana, mba hanamafisana ny firaisan'ny mpino, araka ny hita ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly (jereo ny Asa. 2:42).

**Fomba fitarihana ny 10 androm-bavaka mba hahazoana vokatra lehibe indrindra**

1. Folo andro mialoha ny fanombohan'ny 10 Androm-bavaka: Vakio ary ento amim-bavaka ireo fizarana rehetra ao amin'ny taridalana isan'andro: Fotoana iarahana manokana amin'Andriamanitra, Ankohonana/namana, ary Mpianakavin'ny finoana.
2. Mandritra ny 10 Androm-bavaka: Vakio sy araho amim-bavaka indray ny taridalana isan'andro. Mino izahay fa ho tsapanao manokana ny herin'ny Tenin'Andriamanitra miaraka amin'ny Fanahy Masina

mialoha ny hiantsoanao ny fiangonanao hanao toy izany koa.

3. Aoka hisy hatrany ny fotoana iarahana manokana amin'Andriamanitra sy ny fiaraha-mivavaka amin'ny ankohonana/namana isan'andro, ho an'izay rehetra hanatrika ny fiaraha-mivavaka amin'ny fiangonana isan-kariva.
4. Ho an'ny fiaraha-mivavaka isan-kariva amin'ny fiangonana:

- Mivavaha miaraka amin'ireo mpitarika vondrona madinika, mpitarika vavaka, ary mpitarika hira rehetra, 30 minitra mialoha ny hanombohan'ny fivoriana.
- Tariho avy eny aloha ireo vondrona madinika amin'ny alalan'ny vavaka sy ny torolalana avy amin'ny Tenin'Andriamanitra, mba hiasa sy hiray hina amin'ny vavaka sy ny fianarana ny Tenin'Andriamanitra.
- Ataovy ny "Fanamby ao anatin'ny 24 ora" isan'andro, mba ho marina tsara ianao rehefa hametraka fanontaniana amin'ny rehetra rehefa tonga ny ampitso.
- Ambarao amim-bavaka avy ao am-ponao ny sosoka antso fanentanana. Aoka tsy hovakina fotsiny. Mivavaha miaraka amin'ireo mamaly sy ireo tsy mamaly.
- Miomàna hizara ny fijoroanao ho vavolombelona manokana momba ny fiantraikan'ny andalan-tSoratra Masina eo amin'ny fiainanao. Zarao mialoha ny antso fanentanana izany — asongadino ny herin'ny Fanahy Masina manova fiainana, fa tsy ny herin'ny tenanao manokana.
- Farano ny fotoana amin'ny fankasitrahana ny rehetra noho ny fandraisany anjara amin'izay hataon'Andriamanitra mandritra ny 10 Androm-bavaka.
- Aorian'ny fivoriana tsirairay, dia mivonòna amin'ny fotoana masina ifanaovana amin'ireo manana fanontaniana na mila vavaka.

5. Manaova drafitra fivoriana "Inona no hatao manaraka?" izay tanterahina avy hatrany aorian'ny 10 Androm-bavaka. Ireo 10 andro nivavahana ireo dia tsy fiafaran-javatra fa fanombohana. Vonona tanteraka ny Fanahy Masina hanova ireo fivoriana ireo ho fampirisihana ho amin'ny asa ataon'ny tena manokana, ny ankohonana, ny fiangonana, ho an'ny fiarahamonina sy izao tontolo izao! (Jereo ny fizarana "Inona no hatao manaraka?")

**Ireo zavatra ilaina ho an'ny fivoriam-bavaka ataon'ny fiangonana isan-kariva:**

- Efitrano fivoriana lehibe ampy handraisana ny mpandray anjara rehetra voazara ho vondrona madinika misy olona enina.
- Mpitarika vavaka azo solosoloina, mandrindra sy mitarika eny aloha ny fivoriana iarahan'ny mpiray fanantenana isan-kariva.
- Ekipan'ny vondrom-bavaka handrafitra sy hanomana ireo hira mandritra ny fotoam-bavaka.
- Mpitarika roa (olon-dehibe iray sy tanora iray) isaky ny vondrona madinika misy olona enina.
- Baiboly ho an'ny mpandray anjara rehetra (afaka mitondra ny azy manokana izy ireo, ary azonao omena ihany koa).
- Dika mitovy amin'ny taridalana isan'andro momba ny vavaka ho an'ny mpandray anjara (na omena amin'ny endrika nomerika, arakaraka ny safidin'ny tsirairay).
- Ho an'ny fivoriana "Inona no hatao manaraka?": tabilao fotsy lehibe azo fafana, fanoratana, taratasy miraikitra na taratasy na "scotch".

**Sosoka fandaminana ho an'ny fivoriam-bavaka isan-kariva iarahan'ny fiangonana**

6:00 Sakafo hariva maivana

6:30 Vavaka miaraka amin'ireo mpitarika vondrona madinika, mpitarika vavaka, ary mpitarika hira

7:00 Fiarahabana (avy eny aloha aloha, avy eo eny anivon'ny vondrona madinika)

7:03 Vavaka fiderana
Fisaorana/Fiderana (iray amin'ireo)
Vavaka fangatahana famelan-keloka
Fangatahana

7:25 Fijoroana ho vavolombelona (Zarao amin'ny vondrona ny zavatra nataon'Andriamanitra taminao tamin'ny "Fanamby ao anatin'ny 24 ora")

7:30 Hetsika fampifandraisana

7:35 Vavaka araka ny Tenin'Andriamanitra (Soratra Masina sy fifanakalozan-kevitra)

7:45 Fifantohana amin'ny vavaka

7:55 Antso/vavaka/Fizarana ny "Fanamby ao anatin'ny 24 ora"

8:00 Fisaorana ny mpanatrika sy famoahana azy ireo

# 10 ANDROM-BAVAKA

**FAMPIDIRANA**

Tonga soa ato amin'ity taridalana nampitondraina ny lohateny hoe

"HAHAZO HERY!" ity! Mino isika fa ho avy tsy ho ela intsony i Jesosy. Izany no mahatonga ny lohahevitry ny10 androm-bavaka amin'ity taona ity hifantoka amin'ny fanasana ny Fanahy Masina hanova ny fiainantsika sy izao tontolo izao. Miaraha aminay amin'ny fitadiavana an'Andriamanitra mandritra ny 10 andro feno fifohazana tarihin'ny Fanahy.

Mialoha ny hahafatesany, dia nampanantena ny fanomezana ny Fanahy Masina ho an'ny mpanara-dia Azy i Jesosy: *"Ary Izaho hangataka amin'ny Ray, ary Izy hanome anareo Mpananatra hafa mba ho eo aminareo mandrakizay, dia ny Fanahin'ny fahamarinana"*- Jao. 14:16-17. Tatỳ aoriana, mialoha ny nialany teto an-tany mba hanomana toerana ho antsika any amin'ny fiainana mandrakizay, dia nandidy ny mpianany i Jesosy mba hitoetra ao Jerosalema aloha ka "hiandry ny teny fikasan'ny Ray", izany hoe ny batisan'ny Fanahy Masina (Asa 1:4-5).

Na izany aza, tsy mbola voasokatry ny vahoakan'Andriamanitra tanteraka io Fanomezana nampanantenaina io. Miresaka momba izany isika,mianatra sy mandinika izany. Saingy matetika, tsy tonga amin'ny fanokafana amin'ny fahafenoany io Fanomezana avy amin'ny Fanahy Masina io isika.

Tsy isalasalana fa ny Fanahy Masina irery ihany no afaka manavao ny fontsika feno ota: *"Ary homeko fo vaovao ianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo"* – Ezek. 36:26.

Ny Fanahy Masina ihany koa no afaka manova ny zanatsika: *"Handatsaka ny Fanahiko amin'ny taranakao Aho, ary ny fitahiako ho amin'ny terakao"* – Isa. 44:3.

Ary ny Fanahy Masina ihany no mampifandray antsika amin'ny fianakaviana any an-danitra: *"Ny Fanahy dia miara-milaza amin'ny fanahintsika fa zanak'Andriamanitra isika"* – Rôm. 8:16.

Ny tsara indrindra dia izao: vonona tanteraka Andriamanitra hanome antsika ny Fanahy Masina: "*Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy?"* – Lio. 11:13.

Efa eo ny Teny fikasana, andrasana isika hangataka azy. Hoy i Ellen White: *"Raha manam-paniriana izany ny rehetra, dia mety ho feno ny Fanahy. Na aiza na aiza andraisana ny Fanahy Masina ho zavatra tsy heverina firy, dia ahitana haintany ara-panahy, haizina ara-panahy, fihemorana sy fahafatesana ara-panahy. Na oviana na oviana ifantohan'ny saina amin-java-madinika tsy misy antony, dia banga ny herin'Andriamanitra izay ilaina ho fampitomboana sy*

*ho fampiroboroboana ny fiangonana, ary hitondra ny fitahiana hafa rehetra hanaraka azy na dia natolotra tamin'ny fahafenoany tsy voafetra aza izany? Koa satria io no fomba izay handraisantsika hery, nahoana no tsy noana sy mangetaheta ny fanomezana ny Fanahy isika? Nahoana no tsy ataontsika antondresaka, antom-bavaka sy toriteny izany?"* – Vavolombelona Mahery, tt. 45-46.

Ny Fanahy Masina monina ao anatintsika no mameno antsika amin'ny fitiavan'ny Ray ary manome hery antsika ho tonga vavolombelona tsy misy tahotra sy mahomby ho an'i Kristy. Maninona moa raha mangataka io Fanomezana io isika?

**Mijery ny fihovitrovitry ny tany**

Ao amin'ny 1 Sam. 14 no ahitana ilay tantara mampahery momba an'i Jonatana sy ny mpitondra ny fiadiany. Raha mbola nipetrapetraka tsy nanao na inona na inona teo ambanin'ny hazo ampongabendanitra i Saoly mpanjaka rainy, dia niala tamin'ny toerana azo antoka i Jonatana sy ilay mpitondra ny fiadiany mahatoky mba hitady ny voninahitr'Andriamanitra.

Nampatahotra ny Isiraelita ny tafiky ny Filistina; ary ankehitriny izany tafika goavana izany, dia nitoby manerana ny lohasaha lalina, miandry hiady amin'ny Isiraely.

Noho ny finoany an'Andriamanitra, dia nidina tao amin'ilay hady i Jonatana sy ny mpitondra fiadiany, ary avy eo dia niakatra tamin'ny tevana mikisilasila terý amin'ny lafiny ilany mba hiatrika irery ilay tafika fahavalo. Tsy nanan-tahotra ireto mpiady roalahy ireto fa niatrika ny Filistina tamin'ny herin'ny Tompo. Niady tamin'ny tafika manontolo izy ireo, ary Andriamanitra mihitsy no niditra an-tsehatra. Hoy ny Baiboly: *"Koa nisy hovitra tao amin'ny toby tany an-tsaha sy tamin'ny vahoaka rehetra; ary ny teo amin'ny miaramila sy ny mpandrava nangovitra koa, ary nihorohoro ny tany, ka dia nisy fampangovitana avy tamin'Andriamanitra."* - 1 Sam. 14:15. Ny finoan'i Jonatana no nanome antony an'Andriamanitra hampihorohoro ny tany teo anoloan'ireo tanora roa mahery fo ireo. Raha tsy nanelanelana Andriamanitra tamin'ny alalan'ny horohorontany, dia ho resin'ny fahavalo mora foana i Jonatana sy ny mpitondra ny fiadiany.

Mbola mampihorohoro ny tany Andriamanitra mandraka ankehitriny. Andeha hiaraka hiombom-bavaka isika hoe: "Andriamanitra ô, inona no afaka hanome antony Anao, mandritra ny 10 andro misesy, hampihorohoroana ny tany?"

Roa arivo taona lasa izay, olona manodidina ny 120 no niara-nivory tao amin'ny efitrano ambony iray, ambonin'ny arabe feno olona tao Jerosalema. Sahy nino ny teny fikasan'i Jesosy momba ny teny fikasan'ny Fanahy Masina izy ireo. Sahy nankatò ny baikon'i Jesosy mba hiandry io Fanomezana io izy ireo (Asa 1 sy 2).

Dia niara-nivory izy ireo, ary niandry. Ary rehefa narotsaka tamin'ny andro Pentekosta ny Fanahy Masina, dia nahazo hery ireo mpino ka tonga vavolombelona velona ho an'i Jesosy Kristy, ilay Mpamonjy natsangana tamin'ny maty! Nitia ny ankohonany sy ny mpianakavin'ny finoana mihoatra noho ny hatramin'izay izy ireo. Nanome tamin'ny fahafoizan-tena, nijoro sady niteny ho an'i Kristy tamin'ny fomba tsy mbola nataony hatramin'izay izy ireo.

Tia miasa ao anatintsika ny Fanahy Masina mba hisy vokany avy ety ivelany! Asainay ianao hanatrika ny 10 Androm-bavaka — tsy ho toy ny fanarahana programa fotsiny, fa ho toy ny fomba fiaina vaovao mihitsy.

Ahitana fizarana telo ny programa isan'andro araka ny voalaza ao amin'ny taridalana ho an'ny mpitarika.

Vorio ny namanao, ny mambran'ny fiangonana, ny mpiara-miasa, ny tanora, ary ny ankizy ao anatin'ny sokajin-taona rehetra hanatrika ny fifohazam-panahy mandritra ny 10 andro. Tonga ny fotoana izay handraisana hery tanteraka indray avy amin'ny Fanahy Masina!

**Fivoriana Farany: "Inona no hatao Manaraka?"**

**Fitaovana ilaina, raha misy:**

- Tabilao fotsy lehibe azo fafana na hafa, zaraina 4, NA baoritra 4 kelikely velarana kokoa apetraka amin'ny toerana ahitan'ny rehetra izany.
- Taratasy miraikitra (raha misy) NA tapa-taratasy kely sy "scotch" hametahana azy eo amin'ny tabilao.
- Fanoratana

**Nahoana?**

Efa niasa teo amin'ny fiainanao sy teo amin'ny fiangonanao ny Fanahy Masina! Aorian'ny 10 Androm-bavaka, dia vorio avy hatrany ny vahoakan'Andriamanitra mba hiaraka hivavaka sy hikatsaka ny drafitr'Andriamanitra. Ny zava-doza dia ny hiverenana indray amin'ny fahazarana tany aloha ka ho very ilay herim-panovana lehibe nomen'Andriamanitra nandritra ireo andro nitolomana amim-bavaka ireo. Eritrereto ny hanatanteraka fivoriana tsy ho ela!

**Inona izany?**

Fivoriana natao hikatsahana izay tian'Andriamanitra hataontsika manaraka anatin'ny sehatra efatra izany:

1. Manokana
2. Ankohonana/Namana
3. Mpianakavin'ny finoana
4. Fiarahamonina/Izao tontolo izao

**Ahoana ny fomba hanatanterahana izany?**

Ity misy soso-kevitra iray eo amin'ny fomba fitantanana fivoriana. Mivavaha ary angataho amin'Andriamanitra raha misy zavatra tiany anampiana na anesorana amin'ity fandrindrana ity ho an'ny fiangonanao.

**Fandaminana ho an'ny fivoriana farany**

Rehefa manomboka ny fivoriana, aoka ny ankohonana na ny mpivady hiaraka mipetraka. Asao ny hafa hanangana vondron'ny mpinamana, ka ataovy azo antoka fa tafiditra avokoa ny rehetra. Aoka ho vonona ny mpitarika hanampy ny rehetra ho tafiditra anaty vondrona.

**Fiarahabana sy vavaka**

**Hetsika fampifandraisana**

HO AN'NY MPITARIKA SY NY REHETRA: Diniho miaraka amin'ny ankohonanao na ny vondron'ny mpinamana ireto fanontaniana ireto:

1. Milazà zava-nitranga iray teo amin'ny fiainanao izay tena niomananao tsara.
2. Avy eo, milazà zava-nitranga iray teo amin'ny fiainanao izay tena tsy niomananao akory.

**Midera an'Andriamanitra amin'ny fisaorana**

(**HO AN'NY REHETRA)**

1. Manaova hira fisaorana miaraka amin'ny vondrona manontolo.
2. Asao izay vonona hizara ny zavatra nataon'i Jesosy Kristy teo amin'ny fiainany nandritra ny 10 Androm-bavaka.
3. Miaraha manao hira fisaorana iray hafa indray.
4. Manasà olona iray hangataka ny Fanahy Masina ho avy hitari-dalana ny fivoriana.
5. Manasà olona iray hamaky ny Efes. 3:20-21 ho an'ny vondrona manontolo. Ahoana no tokony ho fiantraikan'io andininy io amin'ny fiangonana eto am-piomanana ny amin'izay zavatra ho avy? Asao izay vonona hizara ny heviny.
5. Mariho eo amin'ny tabilao na eo amin'ny baoritra efatra ireto soratra ireto: MANOKANA, ANKOHONANA/NAMANA, MPIANAKAVIN'NY FINOANA ary FIARAHAMONINA/IZAO TONTOLO IZAO.

# 10 ANDROM-BAVAKA

**HO AN'NY MPITARIKA SY NY REHETRA**: Mangataka amin'Andriamanitra isika mba haneho ireo dingana manokana tokony hatao manaraka eo amin'ireo sehatra efatra ireo. Tsy mangataka hevitra ankapobeny isika, fa hevitra manokana voafaritra tsara. (Ohatra: TSY "Ho ara-panahy kokoa", fa "Hanokana fotoana tsy anaty rotoroto, hiarahana samirery amin'Andriamanitra, ao amin'ny Teniny sy amin'ny vavaka, MIALOHA NY sakafo maraina isan'andro.")

**Manokana**

1. Omeo takelaka mety miraikitra sy penina ny tsirairay. Ampidiro avokoa ny sokajin-taona rehetra.
2. Omeo fotoana fohy hanaovana vavaka mangina ny rehetra. Angataho Andriamanitra hilaza ny zavatra iray tiany hataonao manokana, izay dingana manaraka eo amin'ny fifohazana mitohy iarahanao amin'i Jesosy.
3. Soraty amin'ny fehezanteny fohy na andalana tokana izany. Asao ny mpandray anjara rehetra hametaka ny taratasiny eo amin'ny tabilao na takelaka misy ny lohateny hoe "Manokana." (Afaka misafidy ihany koa izy ireo raha tiany ho tsiambaratelo izany.)

**Ankohonana/Namana**

1. Omeo takelaka iray mety miraikitra indray izao ny ankohonana na ny vondron'ny mpinamana.
2. Asao izy ireo hiaraka hivavaka. Angataho Andriamanitra hilaza ny zavatra iray izay tena hanampy ny ankohonany na ny fiangonany hitombo sy hanandrana isan'andro ny fifohazana ao amin'i Jesosy.
3. Mifanakaloza hevitra.
4. Soraty amin'ny fehezanteny fohy na andalana tokana izany, ary asao ny ankohonana/vondrona tsirairay hametaka ny taratasiny eo amin'ny fizarana "Ankohonana/Namana."

**Mpianakavin'ny finoana**

1. Asao ny olona hifindra toerana ary hanangana indray ilay vondrona madinika misy olona 6 na latsaka, nandritra ny "10 Androm-bavaka. (Raha misy mpandray anjara vaovao tsy manana vondrona, dia ampidirina amin'ny vondrona efa misy izy ireo. Aoka ho vonona ny ekipan'ny vondrom-bavaka hanampy amin'ny famindrana sy fandaminana seza raha ilaina.)
2. Asao ireo vondrona madinika hivavaka miaraka. Tokony hangataka amin'Andriamanitra izy ireo mba haneho zavatra iray izay tena ilain'ny mpianakavin'ny finoana indrindra, eo amin'ny fanandramam-pifohazana iarahany isan'andro amin'i Jesosy.

3. Mifanakaloza hevitra.
4. Soraty ao anaty fehezan-teny tokana ilay "zavatra iray" ary apetaho eo amin'ny tabilao na baoritra misy ny fizarana "Mpianakavin'ny finoana" izany.

**Fiarahamonina/Maneran-tany**

1. Omeo takelaka miraikitra iray hafa ny vondrona madinika tsirairay.
2. Asao izy ireo hivavaka. Tokony hangataka amin'Andriamanitra izy ireo mba haneho fomba iray hahafahan'izy ireo manatratra ny fiarahamonina sy izao tontolo izao amin'ny vaovao mahafaly momba an'i Jesosy. Mieritrereta zavatra mifanaraka amin'ny fotoana sy zava-misy iainana.
3. Mifanakaloza hevitra.
4. Soraty amin'ny fehezanteny tokana ilay "zavatra iray" ary apetaho eo amin'ny tabilao na baoritra misy ny fizarana "Fiarahamonina/Maneran-tany" izany.

**(HO AN'NY REHETRA)**

Manao faribolana ary angataho Andriamanitra hitahy ireo dingana manaraka.

Lazao amin'ireo mpandray anjara nandritra ny 10 Androm-bavaka fa handinika ireo akony rehetra teo amin'ny mambra sy ny fiangonana ny pasitora sy/na ny loholona ka hivavaka ho an'izany, ary hanolotra soso-kevitra amin'ny komity sy ny mambran'ny fiangonana mikasika ireo dingana manaraka azon'ny fiangonana tanterahina miaraka. Miaraha manolo-tena hanana fiainam-bavaka nohavaozina. Andrandrao ny firotsahan'ny Fanahy Masina amin-kery ao an-tokantranonao sy ao amin'ny fiangonana!

# 10 ANDROM-BAVAKA

## ANDRO 1 — MAHALALA AN'I JESOSY AMIN'NY MAHA-MPAMONJY VELONA AZY

**Asa 1:1–3**

**Fotoana iarahana manokana amin'Andriamanitra**

**Vavaka**

Takio amim-bavaka ny Sal. 119:105. Angataho Andriamanitra haniraka ny Fanahy Masina hanao ny Teniny ho fanilon'ny tongotrao sy fanazavana ny lalanao.

**Diniho ny Tenin'Andriamanitra**

1. Vakio ny Asa. 1:1–3. Inona no ampianarin'ireo andalan-tSoratra Masina ireo anao momba an'i Jesosy?
2. Diniho ny Filazantsara efatra mba hahitana hoe impiry i Jesosy no niseho hoe VELONA tamin'ny mpianany, taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty. (Jereo ny Mat. 28:9–20; Mar. 16:9–20; Lio. 24:13–53; Jao. 20:14--21:25)

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

*"Efapolo andro no nijanonan'i Kristy teto an-tany, nanomana ny mpianatra ho amin'ny asa nanoloana azy sy nanazava taminy izay tsy nety ho azony hatramin'izao. Nilaza ny amin'ny faminaniana mikasika ny fiaviany Izy, sy ny nandavan'ny Jiosy Azy ary ny nahafatesany, ka nasehony azy fa tanteraka avokoa ny tsipirian'ireo faminaniana ireo. Nambarany taminy fa tokony ho noraisiny io fahatanterahan'ny faminaniana io ho toy ny fahatokiana ny hery izay hanomba azy amin'ny asany ho avy. 'Dia nanokatra ny sain'ireo Izy hahalala ny Soratra Masina. Ary hoy Izy taminy: Izany no voasoratra, fa Kristy hiaritra ka hitsangana amin'ny maty amin'ny andro fahatelo; ary mba hotorina amin'ny anarany ny fibebahana sy ny famelan-keloka amin'ny firenena rehetra, manomboka eto Jerosalema'. Ary nampiany hoe: 'Ary hianareo no vavolombelon'izany'.*

*Nandritra ireo andro nolanin'i Kristy niaraka tamin'ny mpianany, dia nahazo fanandramana vaovao izy ireo. Tafatoetra tanteraka ny finoany ny Tompo malalany raha nandre Azy nanazava ny Soratra Masina teo amin'ny fahazavan'izay rehetra nitranga Izy. Tonga teo amin'ny toerana azony nilazana hoe: 'Fantatro Izay inoako' izy. Nanomboka tsapany ny toetran'ny asany sy ny fivelarany; nanomboka hitany fa hitory ny fahamarinana nankinina taminy ho an'izao tontolo izao izy. Ny toe-javatra teo amin'ny fiainan'i Kristy, ny nahafatesany sy ny nitsanganany tamin'ny maty, ireo faminaniana nanondro izany toe-javatra izany, ireo zava-*

*miafina mikasika ny drafitry ny famonjena, ny fahefan'i Jesosy hamela heloka – vavolombelon'izany zavatra rehetra izany izy, ary hampahafantatra izany amin'izao tontolo izao. Hitory ny filazantsaran'ny fiadanana sy ny famonjena amin'ny alalan'ny fibebahana sy ny herin'ny Mpamonjy izy."* – Vavolombelona Mahery, tt. 26,27

**Antom-bavaka**

Manokàna fotoana fohy hieritreretana momba ny fiainanao. Lazao amin'Andriamanitra ny fomba sasany nampisehoan'i Jesosy fa velona Izy! Isaory Andriamanitra fa nampiseho ny Tenany amin'ny maha-Mpamonjy velona Azy i Jesosy, tamin'ny alalan'ny valim-bavaka.

**Miara-mivavaka amin'ny ankohonana/namana**

**Fampiasana iaraha-manao**

Asao ny namana na ny tsirairay ao amin'ny ankohonanao mba hanoritsoritra fohifohy ny zavatra iray nefa tsy milaza mivantana ny anaran'izany. Manomeza antony iray hahafantaranao fa velona ilay zavatra. Tokony hiezaka mamantatra izay zavatra soritsoritanao ny rehetra. (Ohatra: Manana elatra izy ary manintona azy ny zavatra tsara tarehy eny an-tsaha. Fantatro fa velona izy satria manidintsidina na dia tsy misy rivotra aza!)

**Fangatahana ny Fanahy Masina**

Miaraha mivavaka ka angataho ny Fanahy Masina. Takio ny teny fikasana ao amin'ny Lio. 11:13.

**Diniho ny Tenin'Andriamanitra**

1. Vakio ny Lio. 1:1–4 sy ny Asa. 1:1–3. Nahoana i Lioka no nanoratra ny Filazantsaran'i Lioka sy ny bokin'ny Asan'ny Apostoly?
2. Ahoana no anehoan'ny fitantarana ao amin'ny Lio. 24:36–43 ny Asa 1:3?

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

"*Talohan'ny niakarany tany an-danitra, dia napetrak'i Kristy tamin'ny mpianany ny asa nanirahany azy. Nolazainy taminy fa ho mpanatanteraka ny didim-pananany izay namelany ny haren-tsarobidin'ny fiainana mandrakizay ka ho lova ho an'izao tontolo izao izy ireo. Vavolombelon'ny fiainako natao sorona ho an'izao tontolo izao ianareo, hoy Izy taminy. Hitanareo ny asa nataoko ho an'ny Isiraely. Ary na tsy hanatona Ahy aza ny oloko mba hananany fiainana, na dia nataon'ny mpisorona sy ny mpanapaka tamiko aza izay tiany natao, na dia nandà Ahy azy izy, dia mbola hisy ihany fotoana hafa mety hahazoany manaiky ny Zanak'Andriamanitra. Hitanareo fa izay rehetra manatona Ahy tsy mba ho*

*laviko mihitsy. Ianareo mpianatro no hananinkinako io hafatry ny famindrampo io. Homena ny Jiosy sy ny Jentilisa izany, ho an'ny Isiraely aloha vao ho an'ny firenena rehetra sy ny samy hafa fiteny, ary ny olona rehetra. Hangonina amin'ny fiangonana iray izay rehetra mino."* – Vavolombelona Mahery, t. 27

**Antom-bavaka**

Mivavaha mba hahafantatra an'i Jesosy Ilay Mpamonjy velona ny olona tsirairay ao amin'ny ankohonanao sy ny namanao. Rehefa vita izany, dia ento am-bavaka ary tonony amin'ny anarany ny fianakaviana sy namana izay tsy mbola mahalala manokana an'i Jesosy eo amin'ny fiainany.

**Mpianakavin'ny finoana**

**Zavatra atao amin'ny fivoriana takariva voalohany**

Amin'ny takariva voalohany amin'ny "10 androm-bavaka", dia amboary ho vondrona misy sokajin-taona samihafa ny mpandray anjara, ka olona enina na latsak'izay no mandrafitra ny vondrona. Ny vondrona tsirairay dia tarihin'olon-dehibe iray sy tanora iray, araka ny voalaza ao amin'ny torolalana ho an'ny mpitarika. Afaka mijanona amin'ny vondrona iray mandritra ny 10 andro ny mpandray anjara. (Raha misy olona vaovao tonga amin'ny takariva manaraka, dia ampio izy hiditra ao anatin'ny vondrona efa misy, na manangàna vondrona vaovao raha ilaina.)

Isan-kariva, dia afaka miara-mipetraka amin'ny vondrona misy azy ny mpandray anjara, ary eny aloha ny mpitarika ny fiaraha-mivavaka no mitarika ny vavaka sy ny fampiasana iaraha-manao. Ny mpitarika ny vondrona kely no mitarika ny fifanakalozan-kevitra isaky ny vondrona rehefa asaina manao izany. Misy fotoana hifampiresahan'ireo mpanatrika rehetra, indraindray kosa dia mivavaka sy mifanakalo hevitra miaraka amin'ireo iray vondrona kely aminy izy ireo, ary indraindray asaina manao vavaka mangina. Ny mpitarika mailaka sy manam-pahendrena no hitarika mandritra ny fiovaovan'ny zavatra atao ary koa hampifanaraka ny fitaovana amin'izay ilaina eo an-toerana.

**Fiarahabana**

**Fiaraha-mivavaka**

**TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA**: Mipetraha miaraka amin'ny vondrona kely misy anao. Hanasa ny vondrona kely tsirairay ny tompon'andraikitry ny vavaka, mba hivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra. Aorian'ny vavaka fohy, dia ho renareo ny tompon'andraikitry ny vavaka mitarika hira andininy iray, ka aoka hiara-mihira avokoa.

**Fiderana:**

1. (VONDRONA KELY) Sokafy ny Baibolinareo ao amin'ny Isa. 53, ka tadiavo ireo toetra manokana ananan'i Jesosy. Derao Andriamanitra

noho ireo toetra tsara ananan'i Jesosy.

2. (HO AN'NY REHETRA) Manaova hira fiderana.

**Fiaiken-keloka:**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Isa. 53:5. Manokàna fotoana hanaovan'ny tsirairay fiaiken-keloka manokana.
2. (HO AN'NY REHETRA) Manaova hira iray momba ny fahasoavan'Andriamanitra.

**Fangatahana:**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Jao. 16:13. Angataho ny Fanahy Masina ho avy sy hampianatra antsika ny fahamarinana.
2. (HO AN'NY REHETRA) Manaova hira iray momba ny Fanahy Masina.

**Fampiasana iaraha-manao**

MPITARIKA HO AN'NY REHETRA: Mifamoria amin'ny olona roa na telo. Mifanontania hoe: "Inona ireo zavatra telo tianao ho fantatry ny olona momba anao?" Ifampizarao mandritra ny minitra vitsivitsy izany. Maro ny zava-mahaliana azontsika ifampiresahana amin'ny hafa. Rehefa maty teo amin'ny hazo fijaliana i Jesosy ary natsangana tamin'ny maty, dia nisy zavatra manokana tiany ho fantatry ny olona rehetra momba Azy.

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra**

(VONDRONA KELY)

1. Vakio ny Asa. 1:1–3. Mariho manokana ny and. 3, izay tian'i Jesosy ho fantatry ny rehetra: "(…) *sady niseho koa tamin'ny famantarana maro taorian'ny nijaliany fa velona Izy*."
2. Vakio ny Lio. 24:13–32. Mariho manokana ny and. 27. Inona no nataon'i Jesosy mba hampahafantarana ny Tenany tamin'ireo mpianatra roa lahy?
3. Mariho ny and. 32. Inona ny fijoroana ho vavolombelona manokana nataon'ireo mpianatra roa lahy rehefa fantany fa avy niaraka tamin'Ilay Mpamonjy velona izy ireo?

**Fanazavana omen'i Ellen White**

"*Toy izany no niresahan'i Kristy tamin'ny mpianany, ka nanokafany ny sainy mba hahazoany ny Soratra Masina. Vizana ny mpianatra, nefa tsy niketraka ny resaka. Teny fiainana sy toky no nivoaka ny molotry ny Mpamonjy. Mbola nohazonina anefa ny masony. Raha nilaza taminy ny amin'ny faharavan'i Jerosalema Izy, dia nitomany nijery ilay tanàna voaheloka. Tsy nampoiziny firy anefa Ilay niara-*

*dia taminy teny an-dalana. Tsy noheveriny fa nandeha teo anilany Ilay olona nataony anton-dresaka, toy ny olona hafa mantsy no filazan'i Kristy ny tenany. Nihevitra izy ireo fa olona iray tamin'izay nanatrika ny andro firavoravoana lehibe Izy io, ka miverina mody izao. Nitandrina tahaka ireo Izy nandeha tamin'ny vato maraorao, ary indraindray dia niara-nijanona taminy niala sasatra kely. Toy izany ny diany teny amin'ny lalana teny an-tendrombohitra, raha nandeha teo anilany Ilay efa haka ny toerany ao an-tanana ankavanan'Andriamanitra, sy afaka hiteny hoe: 'Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany'".* – Ilay Fitiavana Mandresy, t. 663

**Antom-bavaka**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Indraindray isika Kristianina dia mitondra tena toy ny hoe mbola ao am-pasana i Jesosy Kristy! Nanokana efapolo andro i Jesosy taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty mba hanomezana antoka manokana an'ireo mpanara-dia Azy mahatoky fa Izy no Mpamonjy VELONA.

Andeha isika hivavaka ao anatin'ny vondrona misy antsika mba tsy ho jamba fa hahita Ilay Mpamonjintsika velona. Andeha isika hivavaka mba hanokafan'Andriamanitra ny masontsika hahalalantsika fa velona i Jesosy ary eo anivontsika amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina.

**Antso**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Iza no resy lahatra amin'ity takariva ity fa ilainy ny manolotra ny fony ho an'ilay Mpamonjy velona ary koa ny mahafantatra Azy bebe kokoa isan'andro?

Asaiko ireo rehetra te hanolotra indray ny fony ho an'i Jesosy, Ilay Mpamonjy velona, mba handohalika eo amin'ny toerana misy azy amin'izao fotoana izao.

**Fanamby ao anatin'ny 24 Ora**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Ao anatin'ny 24 ora manaraka, vonoy avokoa ny fitaovana elektronika mandritra ny 10 minitra. Vakio mangina ny Sal. 46 — ianao sy Andriamanitra irery. Derao i Jesosy Kristy fa Andriamanitra velona Izy! Angataho ny Fanahy Masina hampahatsiaro anao olona iray ao am-ponao, ary zarao amin'io olona io ny antony iray mahatonga anao ho resy lahatra fa velona i Jesosy. Vakio ny Asa. 1:6-8 ho fiomanana ho amin'ny ampitso.

# 10 ANDROM-BAVAKA

## ANDRO 2 — MIFANARAKA AMIN'NY LAHARAM-PAHAMEHAN'NY FANJAKAN'ANDRIAMANITRA

**Asa 1:6–8**

**Fotoana iarahana manokana amin'Andriamanitra**

**Vavaka**

**Diniho ny Tenin'Andriamanitra**

1. Vakio ny Asa. 1:6–8. Inona no laharam-pahamehana tao an-tsain'ny mpianatra?
2. Inona ny laharam-pahamehana napetrak'i Jesosy ho an'ny mpianany?
3. Inona ny laharam-pahamehana mandany ny herinao indrindra eo amin'ny fiainanao?

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

*«Talohan'ny niakarany tany an-danitra, dia napetrak'i Kristy tamin'ny mpianany ny asa nanirahany azy. Nolazainy taminy fa ho mpanatanteraka ny didim-pananany izay namelany ny haren-tsarobidin'ny fiainana mandrakizay ka ho lova ho an'izao tontolo izao izy ireo. Vavolombelon'ny fiainako natao sorona ho an'izao tontolo izao ianareo, hoy Izy taminy. Hitanareo ny asa nataoko ho an'ny Isiraely. Ary na tsy hanatona Ahy aza izy, dia mbola hisy ihany fotoana hafa mety hahazoany manaiky ny Zanak'Andriamanitra. Hitanareo fa izay rehetra manatona Ahy ka miaiky ny helony, dia raisiko malalaka. Izay manatona Ahy tsy mba ho laviko mihitsy. Ianareo mpianatro no hanankinako io hafatry ny famindrampo io. Homena ny Jiosy sy ny Jentilisa izany, ho an'ny Isiraely aloha vao ho an'ny firenena rehetra sy ny samy hafa fiteny, ary ny olona rehetra. Hangonina amin'ny fiangonana iray izay rehetra mino.»* – Vavolombelona Mahery, t. 27.

**Antom-bavaka**

Apetraho eo an-tanan'i Jesosy, amin'ny maha-Tompo Azy, ny laharam-pahamehanao manokana. Mangataha amin'Andriamanitra mba hanjary laharam-pahamehanao ny Fanjakany!

**Miara-mivavaka amin'ny ankohonana/namana**

**Fampiasana iaraha-manao**

Asao ny rehetra hitsangana ary hanakimpy ny masony. Rehefa mikimpy avokoa ny maso, dia ataovy izay hahatonga anareo hilahatra mahitsy tsy mahazo mifampikasoka.

Azonareo ampiasaina ihany ny feonareo hanaovana izany. Rehefa vita, dia sokafy ny maso. Ahoana no nahavitanao izany?

**Fangatahana ny Fanahy Masina**

Miaraha mivavaka hoe: "Tompo ô, sokafy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ny masonay mba ho tafaray amin'ny famitana ny irakao izahay."

**Diniho ny Tenin'Andriamanitra**

1. Vakio ny Asa 1:6–8. Ampitahao amin'ny fangatahan'i Jakoba sy Jaona ao amin'ny Mar. 10:35–37 ny fanontanian'ny mpianatra ao amin'ny Asa 1:6. Inona ny hevitra nibahana tao an-tsain'ny mpianatra?
2. Vakio ny Asa 1:7. Ho an'ny ankohonanao, inona no ambaran'ny valin-tenin'i Jesosy momba ny hoavinao sy ny fanahianao momba izany?

**Fanazavana omen'i Ellen White**:

*«Ny iraka momba ny filazantsara no dinam-pitoriana lehibe eo amin'ny fanjakan'i Kristy. Natao hiasa amin-kafanam-po ho an'ny fanahy ny mpianatra, ka hanolotra ny antson'ny famindram-po ho an'ny rehetra. Tsy tokony hiandry ny olona hanatona azy izy; tokony ho any amin'ny olona izy miaraka amin'ny hafatra nampitondrainy azy.»* – Vavolombelona Mahery, t. 27.

**Antom-bavaka**

Manaova faribolana eo am-pandohalehana mivavaka. Miaraha mangataka amin'Andriamanitra mba hanomezany anareo fo manaiky ny laharam-pahamehany. Angataho ny Fanahy Masina efa nampanantenainy mba ho vavolombelony ianareo na aiza na aiza alehanao.

**Mpianakavin'ny finoana**

**Fiarahabana**

**Fiaraha-mivavaka**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Mipetraha miaraka amin'ny vondrona kely misy anao. Hanasa ny vondrona kely tsirairay hivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra ny tompon'andraikitry ny vavaka. Aorian'ny vavaka fohy, dia ho renareo ny tompon'andraikitry ny vavaka hitarika hira andininy iray, koa aoka hiara-mihira avokoa.

**Fiderana**:

1. (VONDRONA KELY) Sokafy ny Baibolinao ao amin'i Lio. 19:10. Saino ireo anarana manondro an'i Jesosy sy ny laharam-pahamehany (ohatra: Mpiandry ondry). Derao Izy noho ireo anarany ireo!
2. (NY REHETRA) Manaova hira fiderana.

**Fibebahana:**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Lio. 19:8. Nibebaka tamin'ny fahotany i Zakaiosy. Angataho Andriamanitra hanampy anao hanana fiainam-pibebahana.
2. (NY REHETRA) Manaova hira fibebahana.

**Fangatahana:**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Jao. 14:16. Mivavaha mba ho tonga hanampy sy hamonjy antsika ny Fanahy Masina.
2. (NY REHETRA) Manaova hira momba ny Fanahy Masina.

**Fijoroana ho vavolombelona:**

(VONDRONA KELY)

Atambaro tsiroaroa na tsitelotelo ireo olona ao amin'ny vondrona kely misy anao. Anontanio sy valio: "Inona no nanampian'Andriamanitra anao tamin'ny «Fanamby ao anatin'ny 24 ora» omaly?"

(Fanamby ao anatin'ny 24 Ora, omaly: Ao anatin'ny 24 ora manaraka, vonoy avokoa ny fitaovana elektronika mandritra ny 10 minitra. Vakio mangina ny Sal. 46 — ianao sy Andriamanitra irery. Derao i Jesosy Kristy fa Andriamanitra velona Izy! Angataho ny Fanahy Masina hampahatsiaro anao olona iray ao am-ponao, ary zarao amin'io olona io ny antony iray mahatonga anao ho resy lahatra fa velona i Jesosy. Vakio ny Asa. 1:6-8 ho fiomanana ho amin'ny ampitso.)

**Fampiasana iaraha-manao**

TENY ATAON'NY MPITARIKA NY FOTOANA: Manaova faribolana eo ampitsanganana miaraka amin'ny vondrona kely misy anao. Mieritrereta raharaha iray manan-danja izay ao anatin'ny lisitry ny zavatra tokony hataonao izao (ohatra: mandoa faktiora, manao fanatanjahan-tena, manamboatra fiara). Mifandimbiasa maneho izany raharaha izany amin'ny alalan'ny fihetsika (tsy miteny), ary ny hafa haminavina hoe inona izany.

Manana laharam-pahamehana maro isika — sady maika no manan-danja — fa inona kosa no laharam-pahamehan'Andriamanitra ho antsika?

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra**

(VONDRONA KELY)

1. Vakio ny Asa. 1:6–7 sy ny Mat. 6:33. Ahoana no hanomezan'ny tenin'i Jesosy ao amin'i Mat. 6:33 lanja ny teniny ao amin'ny Asa. 1:6–7?
2. Vakio ny Mpitt. 3:1–11. Inona no azontsika ianarana avy amin'ireo andininy ireo momba ny fotoana, izay fanomezana avy amin'Andriamanitra, sy momba ny laharam-pahamehana?

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

*Natao hampandroso ny asany amin'ny anaran'i Kristy ny mpianatra. Ny teny tsirairay sy ny fihetsika tsirairay ataony dia tokony hampifantoka ny saina amin'ny anarany, izay manana hery mahavelona ahazoana mamonjy ny mpanota. Ny finoan'izy ireo dia tokony hifototra eo amin'Ilay loharanon'ny famindrampo sy ny hery. Amin'ny anarany no tokony hanehoany ny fangatahany amin'ny Ray, ka hahazo valinteny izy. Hanao batisa amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina izy. Ny anaran'i Kristy no teny ifamantarany eny am-piambenana, io no marika famantarana mampiavaka azy, io no fatorana iavian'ny fahombiazany. Tsy azo ekena ao amin'ny fanjakany ny zavatra rehetra izay tsy mitondra ny anarany sy ny andinindininy momba Azy.* – VM, t. 27.

**Antom-bavaka**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Mivavaha ho an'ireo laharam-pahamehan'ny fanjakan'i Kristy. Mivavaha mba ho ao am-ponao ny fitiavan'i Kristy hamonjy ny very.

**Antso**

TENY ATAON'NY MPITARIKA NY FOTOANA: Iza aminareo amin'ity hariva ity no mahatsapa fa tsy mifanaraka amin'ny laharam-pahamehan'i Jesosy Kristy ny laharam-pahamehan'ny fiainany amin'izao andro farany izao? Manasa anao aho hiaraka amiko hangataka amin'Andriamanitra handamina indray ny laharam-pahamehantsika hifanaraka amin'ny laharam-pahamehan'ny Fanjakany.

**Fanamby ao anatin'ny 24 Ora**

TENY ATAON'NY MPITARIKA NY FOTOANA: Tanisao ireo laharam-pahamehana efatra voalohany eo amin'ny fiainanao amin'izao fotoana izao — araka ny tena zava-marina ao am-ponao sy manan-danja aminao. Mivavaha ary vakio ny Jak. 1:5–8. Anontanio an'Andriamanitra izay tiany hataonao ho laharam-pahamehana efatra voalohany eo amin'ny fiainanao. Manaova lisitra ary apetraho eo amin'ny toerana ahitanao azy isan'andro izany. Miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra, manàna finoana ka aoka ny fiainanao hifanaraka amin'ny laharam-pahamehany! Vakio ny Asa. 1:9–11 ho fiomanana ho amin'ny ampitso.

# 10 ANDROM-BAVAKA

## ANDRO 3 — HIHAONA AMIN'I JESOSY REHEFA HO AVY TAMPOKA IZY

**Asa. 1:9-11**

**Fotoana iarahana manokana amin'Andriamanitra**

**Vavaka**

**Diniho ny Tenin'Andriamanitra**

1. Vakio ny Jao. 14:1–3. Inona no omanin'i Jesosy manokana mialoha ny hiverenany indray?
2. Vakio ny Asa. 1:9–11. Hanao ahoana ny fiverenan'i Jesosy?

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

"*Rehefa tonga ny fotoana hiakaran'i Kristy ho any amin'ny Rainy, dia nitarika ny mpianany tany ivelany lavitra tany Betania Izy. Teo Izy no nijanona ary nitangorona teo Aminy ireo. Natsotrany ny tanany hitahy azy, toy ny nanome toky ny amin'ny fiarovany sy ny fikarakarany, dia niakatra moramora niala teo afovoany Izy . "Ary raha mbola nitso-drano azy Izy, dia nisaraka taminy ka nakarina ho any an-danitra."*- Vavolombelona Mahery, t. 30

*Raha mbola variana niandrandra mba hijery farany Ilay Tompony lasa niakatra ny mpianatra, dia noraisina teo amin'ny laharan'ny anjely feno hafaliana Izy. Nanotrona azy ireo anjely nankany amin'ny lapa any ambony; ary nihira tamim-pandresena hoe: 'Ry fanjakana ambonin'ny tany, mihirà ho an'Andriamanitra. Mankalazà ny Tompo, Ilay mitaingina ny lanitry ny lanitra. (…) Ekeo ho an'Andriamanitra ny hery; ambonin'ny Isiraely ny voninahiny, ary ny heriny any amin'ny lanitra.'"* – Vavolombelona Mahery, t. 31

**Antom-bavaka**

Angataho Andriamanitra hanomana ny fonao hihaona amin'i Jesosy tsy ho ela.

**Miara-mivavaka amin'ny ankohonana/namana**

**Fampiasana iaraha-manao**

1. Asao ny rehetra hieritreritra hoe firy minitra no tiany raha tonga alohan'ny fotoana voatondro izy, na aorian'izany.
2. Asao izay tia ny fahatongavana aloha mba hanangana ny tanany, ary hilaza hoe tonga firy minitra mialoha ny fotoana izy.

3. Asao izay mahazo aina amin'ny fahatongavana tara mba hampiseho amin'ny rantsan-tanany hoe firy minitra aorian'ny fotoana no mety aminy.

**Fangatahana ny Fanahy Masina**

**Diniho ny Tenin'Andriamanitra**

1. Vakio ny Mat. 24:42–44. Ahoana no maha-toy ny fiavian'ny mpangalatra ny fiverenan'i Jesosy?
2. Ahoana ny fomba tsara indrindra hiomanantsika ho amin'ny fiverenany?

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

*"Tokony hotehirizina ho vaovao mandrakariva ao an-tsain'ny mpianany ny teny fikasana nataon'i Kristy momba ny fiaviany fanindroany. Ilay Jesosy hitany niakatra ho any an-danitra dia ho avy indray mba handray ho any Aminy ireo izay manolo-tena hanompo Azy teto an-tany. Io feo io ihany, izay nanao taminy hoe: 'Indro Izaho momba anareo mandrakariva hatramin'ny farany', dia mbola hiarahaba azy tonga soa aman-tsara eo anatrehany any amin'ny fanjakana any an-danitra."* – Vavolombelona Mahery, t. 31

**Antom-bavaka**

Miaraha mivavaka amin'ny vondrona misy anao mba hanomanan'ny Fanahy Masina ny fon'ny tsirairay hihaona amin'i Jesosy amin'ny fiverenany fanindroany.

**Mpianakavin'ny finoana**

**Fiarahabana**

**Fiaraha-mivavaka**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Mipetraha miaraka amin'ny vondrona kely misy anao. Hanasa ny vondrona kely tsirairay ny tompon'andraikitry ny vavaka, mba hivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra. Aorian'ny vavaka fohy, dia ho renareo ny tompon'andraikitry ny vavaka mitarika hira andininy iray, ka aoka hiara-mihira avokoa.

**Derao i Jesosy noho ny fiverenany!**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Apôk. 22:7, 12, 13, 20. Safidio ny iray amin'ireo teny fikasana ireo, ary derao i Jesosy noho izay lazain'io teny fikasana io momba Azy.
2. (HO AN'NY REHETRA) Manaova hira iray momba ny fiverenan'i Jesosy.

**Fibebahana:**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Apôk. 22:10, 11. Angataho Andriamanitra hiantso antsika rehetra hibebaka, raha mbola manana fotoana hiverenana Aminy isika.
2. (HO AN'NY REHETRA) Manaova hira fibebahana.

Angataho ny Fanahy Masina:

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Apôk. 22:17. Angataho ny Fanahy Masina mba hampitony ny hetahetam-panahintsika. Mivavaha mba hahitanao fifaliana sy fiadanana ary fitiavana ao amin'ny Fanahy Masina.
2. (HO AN'NY REHETRA) Manaova hira momba ny Fanahy Masina.

**Fijoroana ho vavolombelona**

(VONDRONA KELY)

Mamorònа vondrona kely misy olona roa na telo. Apetraho izao fanontaniana izao ary valio: "Ahoana no nataon'Andriamanitra mba hanampiana anao manoloana ny 'Fanamby ao anatin'ny 24 Ora' omaly?"

(Fanamby ao anatin'ny 24 Ora omaly: Tanisao ireo laharam-pahamehana efatra voalohany eo amin'ny fiainanao amin'izao fotoana izao — araka ny tena zava-marina ao am-ponao sy manan-danja aminao. Mivavaha ary vakio ny Jak. 1:5–8. Anontanio an'Andriamanitra izay tiany hataonao ho laharam-pahamehana efatra voalohany eo amin'ny fiainanao. Manaova lisitra ary apetraho eo amin'ny toerana ahitanao azy isan'andro izany. Miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra, manàna finoana ka aoka ny fiainanao hifanaraka amin'ny laharam-pahamehany! Vakio ny Asa. 1:9–11 ho fiomanana ho amin'ny ampitso.)

**Fampiasana iaraha-manao**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Manaova faribolana miaraka amin'ny vondrona kely misy anao. Angataho ny tsirairay haneho amin'ny fihetsika ny toe-javatra izay maha-sarotra ny fiandrasana eo amin'ny fiainana. Asao ireo mambran'ny vondrona hamantatra izany amin'ny alalan'ireo fihetsika.

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra**

(VONDRONA KELY)

1. Vakio ny 1 Tes. 4:16–18. Inona no mahatonga ny fiverenan'i Jesosy ho andro tsara indrindra eto amin'ity planeta ity?
2. Vakio ny Mat. 25:1–13. Inona ny lesona azontsika sintonina avy amin'io fanoharana io momba ny fiomanana ho amin'ny fiverenan'i Jesosy tsy ho ela?

**Fanazavana omen'i Ellen White**

*"Taorian'ny niakaran'ny Mpamonjy any an-danitra, dia mbola tsapa teo aminy ny fanatrehany feno fitiavana sy fahazavana. Fanatrehan'ny tenany manokana izany. Jesosy, Mpamonjy, Ilay niara-nandeha sy niresaka ary nivavaka taminy, Ilay nilaza fanantenana sy fampiononana ho an'ny fo, no nesorina teo aminy ka nakarina ho any an-danitra, raha mbola teo amin'ny molony ny hafatra mitondra fiadanana. Raha nandray Azy ny kalesin'ny anjely dia injany tonga teo amin'ny mpianatra ny teniny hoe: 'Indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao'. Efa niakatra ho any an-danitra Izy nitondra ny endriky ny maha-olombelona. Fantany fa eo anatrehan'ny seza fiandrianan'Andriamanitra Izy, mbola sakaizany sy Mpamonjy azy ihany; fantany fa tsy niova ny fitiavany; fantany fa ho tafaray mandrakizay amin'ny taranak'olombelona mijaly Izy. Fantany fa mitondra ny fahamendrehan'ny rany eo anatrehan'Andriamanitra Izy, ka mampiseho ny tongotra aman-tanany maratra ho fahatsiarovana ny onitra efa naloany ho an'ireo navotany, ka nampahery azy hiaritra ny fanomezan-tsiny noho ny fitiavany io eritreritra io. Mafy noho ny fony Izy niaraka taminy ny firaisany Aminy ankehitriny. Namirapiratra teo aminy ny fahazavana sy ny fitiavana ary ny herin'i Kristy mitoetra ao aminy, hany ka gaga ireo olona ireo raha nijery izany."* – Vavolombelona Mahery, t. 59

**Antom-bavaka**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Miaraha mivavaka mba hanairan'Andriamanitra antsika ka hiomana ho amin'ny fihaonana mivantana amin'i Jesosy amin'ny fiaviany fanindroany isika.

**Antso**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Manomana toerana ho anao mba hiarahanao monina Aminy mandrakizay i Jesosy. Iza aminareo amin'ity takariva ity no mila ny Fanahy Masina hanampy azy hiomana ho amin'ny fiverenan'i Jesosy tsy ho ela? Mandrosoa ety aloha ary andao isika hiaraka hivavaka.

**Fanamby ao anatin'ny 24 Ora**

Anontanio Andriamanitra hoe: "Inona no ilainao hatao amin'ny fifandraisako amin'i Jesosy mba ho vonona hihaona Aminy mivantana aho rehefa ho avy Izy?" Sokafy ny fonao mba handray izay rehetra tian'Andriamanitra hatao ao anatinao. Raha mibitsika Aminao mba hanao zavatra iray Izy, dia ataovy izany dingana izany ao anatin'ny fifandraisanao Aminy. Vakio ny Asa. 1:12–14 ho fiomanana ho amin'ny ampitso.

# 10 ANDROM-BAVAKA

## ANDRO 4 — MIRAISA SAINA AO AMIN'I KRISTY, AMIN'NY FANETREN-TENA

**Asa. 1:12–14**

**Fotoana iarahana manokana amin'Andriamanitra**

**Vavaka**

**Diniho ny Tenin'Andriamanitra**

1. Vakio ny Asa. 1:12–14. Amin'ireo olona voalaza fa tao an-trano ambony, iza no mahagaga anao indrindra? Nahoana?
2. Vakio ny Rôm. 3:23. Ahoana no iantsoan'io fahamarinana io antsika rehetra hanana fanetren-tena eo amin'ny fomba fandraisantsika ny hafa?

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

«*Raha niandry ny fanatanterahana ny teny fikasana ny mpianatra, dia nampietry ny fony tamin'ny fibebahana marina izy ka niaiky ny tsy finoany. Raha nahatsiaro ny teny nataon'i Kristy taminy talohan'ny nahafatesany izy dia azony mazava kokoa ny dikany. Niverina tao an-tsainy ireo fahamarinana izay tsy tao amin'ny fitadidiany intsony, ary naverimberiny tamin'izy samy izy izany. Nanome tsiny ny tenany izy noho ny tsy nahatakarany ny amin'ny Mpamonjy.*

*Nifanesy toy ny nanao rano lava teo imasony ireo toe-javatra teo amin'ny fiainany mahagaga. Raha nandinika ny fiainany madio sy masina izy ireo, dia tsapany fa tsy misy asa ho mafy loatra, raha mba azony atao ny ho vavolombelon'ny toetra amam-panahy mahate ho tian'i Kristy eo amin'ny fiainany. Raha mba afaka hiverina hivelomany indray mantsy ireo telo taona lasa, dia tsy hitovy tamin'ny lasa ny fihetsiny! Raha mba afaka mahita fotsiny ny Tompo izy, amin-kafanam-po manao ahoana no iezahany haneho Aminy ny halalin'ny fitiavany Azy, sy ny alahelony amin'ny fony manontolo noho izy nandratra Azy mandrakariva tamin'ny teny na ny fihetsika mitory tsy finoana! Nampahery azy anefa ny fiheverana fa voavela heloka izy. Ary nanapa-kevitra izy, fa hatramin'izao raha mbola azo atao, dia hanonitra ny tsy finoany amin'ny fanekeny Azy amin-kerim-po eo anatrehan'izao tontolo izao.*»

- Vavolombelona Mahery, t. 34.

**Antom-bavaka**

Mivavaha mba tsy hisy hanakana anao hanome lanja sy hankasitraka ny ankohonanao, ny namanao, ary ny mpiray fanantenana aminao.

**Miara-mivavaka amin'ny ankohonana/namana**

**Fampiasana iaraha-manao**

Miaraha amin'ny ankohonanao na namanao ka manaova faribolana, ka aoka hifanome lamosina ny rehetra. Anontanio: "Ao anatin'io faribolana io, ahoana avy ireo fomba ahafahanareo mifanakaiky indrindra?" Asao haneho hevitra ny tsirairay. Rehefa izay, dia asao izy ireo hitodika ao anatin'ny faribolana mandrapahatonga ny rehetra hifanatrika avokoa.

**Fangatahana ny Fanahy Masina**

**Diniho ny Tenin'Andriamanitra**

Vakio ny Fil. 2:5–8. Inona ny hevitry ny hoe: manana ny saina sy ny toe-tsain'i Kristy? Inona no tokony ho akon'izany eo amin'ny fomba itondrantsika ny tsirairay ao amin'ny ankohonantsika na ny namantsika?

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

*«Andro nandinihany lalina ny fony ireo andro fiomanana ireo. Tsapan'ny mpianatra izay nilainy teo amin'ny ara-panahy, ka nitaraina tamin'ny Tompo izy hahazo ny hosotra masina izay hahatonga azy ho afaka hanao ny asa famonjem-panahy. Tsy nangataka fitahiana ho an'ny tenany samirery izy. Nitambesatra taminy ny lanjan'ny famonjena ny fanahy. Nanjary zava-misy ho azy izany filazantsara hoentina eo amin'izao tontolo izao izany, ka notakiny ny hery izay nampanantenain'i Kristy.»* – Vavolombelona Mahery, t. 35.

**Antom-bavaka**

Mivavaha mba hananananao ny saina sy toe-tsain'i Jesosy Kristy. Mivavaha mba hananananao ny fanetren-tenan'i Jesosy eo amin'ny fifandraisanao amin'ny tsirairay ao amin'ny ankohonanao na amin'ny namanao.

**Mpianakavin'ny finoana**

**Fiarahabana**

**Fiaraha-mivavaka**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Mipetraha miaraka amin'ny vondrona kely misy anao. Hanasa ny vondrona kely tsirairay ny tompon'andraikitry ny vavaka mba hivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra. Aorian'ny vavaka fohy, dia ho renareo ny tompon'andraikitry ny vavaka mitarika hira andininy iray, ka aoka hiara-mihira avokoa.

**Fisaorana:**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Mat. 11:28,29. Manaova vavaka fisaorana noho i Jesosy malemy fanahy sady tsy miavona am-po.
2. (NY REHETRA) Manaova hira fisaorana.

**Fibebahana:**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Mat 11:29, izay milaza fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po i Jesosy. Mivavaha mba hanaisotra ny avonavom-ponao ny fanetren-tenan'i Jesosy.
2. (NY REHETRA) Manaova hira fibebahana.

**Fangatahana:**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Mat. 11:30, izay anambaran'i Jesosy fa mora sy maivana ny ziogany. Ny herin'ny Fanahy Masina no mahatonga ny ziogan'i Jesosy ho maivana ho antsika tsirairay. Angataho ny Fanahy Masina hitahy ny Tenin'Andriamanitra sy hanome ny fitsaharany ho an'ny tsirairay.
2. (NY REHETRA) Manaova hira momba ny Fanahy Masina.

**Fijoroana ho vavolombelona:**

(VONDRONA KELY)

Atambaro tsiroaroa na tsitelotelo ireo olona ao amin'ny vondrona kely misy anao. Anontanio sy valio: "Inona no nanampian'Andriamanitra anao tamin'ny 'Fanamby ao anatin'ny 24 ora' omaly?"

(Fanamby ao anatin'ny 24 ora, omaly: Anontanio Andriamanitra hoe: "Inona no ilainao hatao amin'ny fifandraisako amin'i Jesosy mba ho vonona hihaona Aminy mivantana aho rehefa ho avy Izy?" Sokafy ny fonao mba handray izay rehetra tian'Andriamanitra hatao ao anatinao. Raha mibitsika Aminao mba hanao zavatra iray Izy, dia ataovy izany dingana izany ao anatin'ny fifandraisanao Aminy. Vakio ny Asa. 1:12–14 ho fiomanana ho amin'ny ampitso.)

**Fampiasana iaraha-manao**

TENY ATAON'NY MPITARIKA NY FOTOANA: Manaova faribolana eo ampitsanganana miaraka amin'ny vondrona kely misy anao. Angataho ny tsirairay hilaza ny sary tsara indrindra azony eritreretina maneho ny atao hoe "FIRAISANTSAINA."

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra**

(VONDRONA KELY)

1. Vakio ny Asa. 1:12–14. Iza amin'ireo olona voalaza fa tao an-trano ambony no mety nametraka fisalasalana na ahiahy? Nahoana?
2. Vakio ny Jao. 17:20–23. Inona no nangatahin'i Jesosy tamin'ny Ray ho an'ny mpanara-dia Azy rehetra?
3. Vakio ny Efes. 4:30–32. Hatraiza no tokony hifamelantsika heloka?

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

*Nivavaka mafy sy tamim-kafanam-po ny mpianatra mba hahaizany manatrika ny olona sy manao teny mahatarika ny mpanota ho eo amin'i Kristy eo amin'ny fifaneraserany andavanandro. Napetrany ny fahasamihafany rehetra, ny faniriany rehetra ho ambony, ka nifanatona akaiky teo amin'ny fihavanana kristiana izy. Nanatona akaiky kokoa hatrany an'Andriamanitra izy, ary raha nanao izany izy, dia tsapany ny tombontsoa nananany tamin'ny namelana azy hikambana akaiky toy izany amin'i Kristy. Nameno ny fony ny alahelo rehefa noeritreretiny; impiry izy no nandratra ny fony noho ny fahavotsany ka tsy nahatakarany zavatra, noho ny tsy nahaizany nahazo ny lesona izay nezahin'i Kristy nampianarina azy mba hahasoa azy.* – Vavolombelona Mahery, tt. 34,35.

**Antom-bavaka**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Miaraha mivavaka amin'ny vondrona misy anao, mivavaha mba hananantsika ny fanetren-tenan'i Jesosy eo amin'ny fomba fandraisantsika sy fitondrantsika ny hafa.

**Antso**

MPITARIKA HO AN'NY REHETRA: Iza aminareo amin'ity hariva ity no mila manana ny fon'i Jesosy mba hahafahany mamela heloka sy miray saina amin'ny olona rehetra ao amin'ity fiangonana ity? Manasa anao aho hanatona, ary hivavaka isika, hangataka amin'Andriamanitra mba hanao fahagagana ao am-pontsika.

**Fanamby ao anatin'ny 24 Ora**

Anontanio Andriamanitra hoe: olona iza eo amin'ny fiainanao no tena mila ny fitiavanao, ny hatsaram-ponao, ny fanajanao, na na famelan-keloka avy aminao. Ekeo ny fitarihan'ny Fanahy Masina anao hanatona io olona io. Vakio ny Asa. 1:4–5 ho fiomanana ho amin'ny ampitso.

# 10 ANDROM-BAVAKA

## ANDRO 5 — MIBEBAHA ARY AOKA HO FENO NY FANAHY MASINA

**Asa. 1:4, 5; 2:1–4; 2:37–39; 3:19**

**Fotoana iarahana manokana amin'Andriamanitra**

**Vavaka**

**Diniho ny Tenin'Andriamanitra**

1. Vakio ny Asa. 1:4, 5. Inona no nampanantenain'i Jesosy ny mpianany raha miandry izany izy ireo?
2. Vakio ny Lio. 11:11–13. Hatraiza no anirian'Andriamanitra hanome anao ny Fanahy Masina?

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

*"Amin'ny fomba mahery toy izany no ahazoan'Andriamanitra miasa, rehefa manolo-tena hofehezin'ny Fanahiny ny olona. Tsy voafetra ho an'ny fotoan'andro iray na ho an'ny antokom-pirazanana iray ny teny fikasana momba ny Fanahy Masina. Nambaran'i Kristy fa hiaraka amin'ny mpanaraka Azy hatramin'ny farany ny herin'Andriamanitra miasa mangina avy amin'ny Fanahiny. Hatramin'ny Andron'ny Pentekosta ka hatramin'izao fotoana izao, dia nalefa ny Mpananatra ho an'izay rehetra nampilefitra feno ny tenany tamin'ny Tompo sy ho amin'ny fanompoana Azy. Tonga tamin'izay rehetra nanaiky an'i Kristy ho Mpamonjin'ny tenany manokana ny Fanahy Masina ho mpananatra, mpanamasina, mpitarika ary vavolombelona. Arakaraka ny maha etiety kokoa ny niarahan'ny mpino tamin'Andriamanitra dia arakaraka izany koa no nampahazava kokoa sy nampahery kokoa ny teny vavolombelona nataony ny amin'ny fitiavan'ny Mpanavotra sy ny fahasoavany mamonjy. Ny lehilahy sy ny vehivavy izay nandray tombontsoa betsaka tamin'ny fanatrehan'ny Fanahy Masina nandritra ireo taonjato lava nisian'ny fanenjehana sy ny fizahan-toetra, dia toy ny famantarana sy fahagagana teo amin'izao tontolo izao. Teo anatrehan'ny anjely sy ny olona no nanehoany ny hery manovan'ny fitiavana manavotra."* – Vavolombelona Mahery, tt. 44,45

**Antom-bavaka**

Angataho ny hanomezan'Andriamanitra anao ny Fanahy Masina amin'ny fatra mihoatra noho izay efa azonao hatrizay.

**Miara-mivavaka amin'ny ankohonana/namana**

**Fampiasana iaraha-manao**

Asao ny tsirairay hilazalaza momba ny fanomezana iray tsy hainy hadinoina izay azony tamin'ny fianakaviana na namana,

ary koa hanazava ny antony maha-manokana izany fanomezana izany.

Araka ny hevitrao, inona no irin'Andriamanitra omena anao?

**Fangatahana ny Fanahy Masina**

**Diniho ny Tenin'Andriamanitra**

Vakio ny Lio. 11:13 sy ny Mat. 7:7–8. Inona no asain'i Jesosy ataontsika?

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

*Tsy nanova ny teny fikasana nataon'i Kristy ny amin'ny andefasany ny Fanahy Masina ho solontenany tsy akory ny elanelam-potoana. Tsy famerana avy amin'Andriamanitra akory no tsy mampikoriana ankehitriny ny haren'ny fahasoavany mankety an-tany ho an'ny olona. Raha tsy hita araka izay tokony ho izy ny fahatanterahan'ny teny fikasana, dia satria tsy ankasitrahana araka izay tokony ho izy. Raha manam-paniriana an'izany ny rehetra, dia mety ho feno ny Fanahy. Na aiza na aiza andraisana ny Fanahy Masina ho zavatra tsy heverina firy, dia ahitana haintany ara-panahy, haizina ara-panahy, fihemorana sy fahafatesana ara-panahy. Na oviana na oviana ifantohan'ny saina amin-java-madinika tsy misy antony, dia banga ny herin'Andriamanitra izay ilaina ho fampitomboana sy ho fampiroboroboana ny fiangonana, ary hitondra ny fitahiana hafa rehetra hanaraka azy na dia natolotra tamin'ny fahafenoany tsy voafetra aza izany*. – Vavolombelona Mahery, t. 45

**Antom-bavaka**

Miaraha mivavaka mba hanomezan'Andriamanitra ny Fanahy Masina ho an'ny tsirairay ao amin'ny ankohonanao sy ny namanao.

**Mpianakavin'ny finoana**

**Fiarahabana**

**Fiaraha-mivavaka**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Mipetraha miaraka amin'ny vondrona kely misy anao. Hanasa ny vondrona kely tsirairay ny tompon'andraikitry ny vavaka, mba hivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra. Aorian'ny vavaka fohy, dia ho renareo ny tompon'andraikitry ny vavaka mitarika hira andininy iray, ka aoka hiara-mihira avokoa.

**Fisaorana:**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Jak. 1:17. Manaova vavaka fisaorana an'Andriamanitra noho ny nanomezany ireo fanomezan-tsoa rehetra ho antsika.
2. Isaory Andriamanitra noho ireo fanomezana maha-velom-pankasitrahana anao.
3. (HO AN'NY REHETRA) Manaova hira fisaorana.

**Fibebahana:**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Jak. 1:21. Mangataha amin'Andriamanitra hanome anao fanetren-tena sy hery handosirana ny faharatsiana rehetra.
2. (HO AN'NY REHETRA) Manaova hira fibebahana.

**Fangatahana:**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Lio. 11:13 sy ny Jak. 1:22. Angataho Andriamanitra handrotsaka ny Fanahiny ao amin'ny Teniny sy eo amin'ny fiainantsika. Mangataha fo mahay mankato mba hanarahanao Azy.
2. (HO AN'NY REHETRA) Manaova hira momba ny Fanahy Masina.

**Fijoroana ho vavolombelona**

(VONDRONA KELY)

Mamorònа vondrona kely misy olona roa na telo. Apetraho izao fanontaniana izao ary valio: "Ahoana no nataon'Andriamanitra mba hanampiana anao manoloana ny 'Fanamby ao anatin'ny 24 Ora' omaly?"

(Fanamby ao anatin'ny 24 Ora omaly: Anontanio Andriamanitra hoe olona iza eo amin'ny fiainanao no tena mila ny fitiavanao, ny hatsaram-ponao, ny fanajanao, na ny famelan-keloka avy aminao. Ekeo ny fitarihan'ny Fanahy Masina anao hanatona io olona io. Vakio ny Asa. 1:4–5 ho fiomanana ho amin'ny ampitso.)

**Fampiasana iaraha-manao**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Ao anatin'ny vondrona kely misy anao, asao ny tsirairay hizara vetivety ny fotoana nahitany zavatra iray feno tanteraka tamin-javatra hafa. Anio isika dia hivavaka mba ho feno tanteraka ny Fanahy Masina.

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra**

(VONDRONA KELY)

1. Vakio ny Asa. 1:4, 5. Inona no teny ampiasain'i Jesosy ho fampanantenana ny fahatongavan'ny Fanahy Masina?
2. Vakio ny Asa. 2:1–4. Inona avy ireo teny ampiasaina ao amin'ireo toko sy andininy ireo hilazalazana momba ny firotsahan'ny Fanahy Masina tamin'ny andro Pentekosta?
3. Vakio ny Asa. 2:37–39. Inona no tena ilaina mba hahazoana amin'ny fahafenoany ny Fanahy Masina?

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

"*Koa satria io no fomba izay handraisantsika hery, nahoana no tsy noana sy mangetaheta ny fanomezana ny Fanahy isika? Nahoana no tsy ataontsika antondresaka, antom-bavaka sy toriteny izany? Vonona ny hanome ny Fanahy Masina amin'izay manompo Azy ny Tompo, mihoatra noho ny fanirian'ny ray aman-dreny hanome zava-tsoa ho an'ny zanany. Tokony handefa fangatahana isan'andro amin'Andriamanitra ny mpiasa tsirairay mba handraisany ny batisan'ny Fanahy isan'andro. Tokony hivory hangataka ny fanampiana manokana sy ny fahendrena avy any an-danitra ny fikambanan'ny Kristiana, mba hahafantarany izay drafitra hatao sy hanatanterahany izany amim-pahendrena. Tokony hivavaka amin'ny fomba manokana izy hanaovan'Andriamanitra batisa amin'ny fatra betsaka amin'ny Fanahiny ireo ambasadaoro nofidiny ho any amin'ny sahan'ny misiona. Ny fanatrehan'ny Fanahy eo amin'ny mpiasan'Andriamanitra dia hanome hery ny fitoriana ny fahamarinana izay tsy hain'ny voninahitra na ny laza rehetra eo amin'izao tontolo izao omena.*

*Tsy porofo marina ny maha-kristiana ny olona ny fanehoany haravoam-panahy rehefa misy toe-javatra tsy fahita amin'ny andavanandro. Ny fahamasinana dia tsy mahatonga ny olona iray ho lasam-borona ka toy ny tsy eto ambonin'ny tany intsony, fa fileferana kosa eo amin'ny sitrapon'Andriamanitra; fivelomana araka ny sitrapon'ny Raintsika; fitokisana amin'Andriamanitra eo amin'ny fitsapana, sy eo amin'ny haizina toy ny eo amin'ny mazava ihany koa; fandehanana amin'ny finoana fa tsy amin'ny fahitana; fiankinana amin'Andriamanitra amin'ny fatokiana tsy misy adivarotra sy fitoerana eo amin'ny fitiavany.*"– Vavolombelona Mahery, t. 46

**Antom-bavaka**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Mivavaha tsiroaroa na tsitelotelo, angataho amin'izany ny Fanahy Masina hanome hery antsika mba hibebahantsika tanteraka amin'izay rehetra manimba ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra.

**Antso**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Iza aminareo amin'ity takariva ity no maniry ho feno tanteraka ny Fanahy Masina? Manasa anao aho hanatona, hiaraka hivavaka isika ary hanetry tena sy hangataka ny batisa fenon'ny Fanahy Masina.

**Fanamby ao anatin'ny 24 Ora**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Mivavaha isan'andro mba handraisanao ny batisan'ny Fanahy Masina isan'andro. Raha azo atao, mandohaleha anio ary italahoy amin'Andriamanitra io Fanomezana sarobidy io! Ibebaho ny fahotana rehetra izay ampahatsiahivin'ny Fanahy Masina anao fa tokony hialanao. Vakio ny Asa. 2:14 sy ny 4:1–31 ho fiomanana ho amin'ny ampitso.

# 10 ANDROM-BAVAKA

## ANDRO 6 — MIJORO HO AN'I KRISTY AMIM-PAHASAHIANA SY MANARAKA AZY AMIM-PAHATOKIANA

**Asa. 2:14; 4:1–31**

**Fotoana iarahana manokana amin'Andriamanitra**

**Vavaka**

**Diniho ny Tenin'Andriamanitra**

Vakio ny Asa. 1:13; 2:1–5,11. Tao an-trano ambony ve i Petera? Inona no nataon'ny Fanahy Masina tamin'ny alalan'i Petera sy ireo namany tao an-trano ambony tamin'ny Pentekosta?

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

*«Mahaliana dia mahaliana ny toe-javatra. Indro ny olona avy amin'ny vazantany rehetra hihaino ny mpianatra mijoro ho vavolombelon'ny fahamarinana araka izay ao amin'i Jesosy. mifanosika izy sy ny mpanapaka, mbola miketrona sy maloka ny tavany noho ny hatezerana, ny fony mbola feno fankahalana mafy fa voapentin'ny ra latsaka tamin'ny nanomboany ny Mpanavotra an'izao tontolo izao. Nihevitra ny hahita ny apostoly ho feno horohoro noho ny tahotra ny ho voaporitry ny tana-maheriny sy ny vonoan'olona izy ireo, nefa nisandratra ambonin'izay tahotra rehetra sy feno ny Fanahy no nahitany azy, mitory aminkery ny maha-Andriamanitra an'i Jesosy avy any Nazareta. Reny izy nanambara tamin-kasahiana fa Ilay vao naetry vao haingana teo, natao fihomehezana sy notorotoroin'ny tanana lozabe, ka nohomboana, Izy no Andrian'ny fiainana nasandratra eo ankavanan'Andriamanitra ankehitriny.»* – Vavolombelona Mahery, tt. 38,39.

**Antom-bavaka**

Mivavaha mba hananaao fahasahiana masina, mba handeha araka izay iantsoan'ny Fanahy Masina anao tokoa ianao!

**Miara-mivavaka amin'ny ankohonana/namana**

**Fampiasana iaraha-manao**

Anontanio ny fianakaviana na ny namanao hoe: "Oviana ary aiza no tena ahatsapanao toky rehefa miteny?" Omeo fotoana hanehoana hevitra ny tsirairay. Hodinihintsika anio ny toky vokatry ny asan'ny Fanahy Masina.

**Fangatahana ny Fanahy Masina**

**Diniho ny Tenin'Andriamanitra**

Vakio ny Asa. 2:14. Rehefa dinihina ny hoe: efa nandà an'i Jesosy ampahibemaso i Petera fito herinandro talohan'ny Pentekosta,

ka nilaza fa tsy nahafantatra Azy, dia inona no dingana mahagaga nataon'i Petera rehefa feno ny Fanahy Masina Izy?

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

*«Afaka niteny ny anaran'i Jesosy tamim-pahatokiana izy; tsy sakaizany sy Zokilahiny ve izy? Nifandray akaiky tamin'i Kristy izy ka «niara-nipetraka taminy tany an-danitra». Teny nivaivay manao ahoana no nentiny nilaza ny heviny raha nijoro ho vavolombelona ho Azy izy! Nitobaka tao am-pony ny fankasitrahana feno sy lalina ary mahery indrindra, ka nanery azy handeha hatrany amin'ny faran'ny tany izany mba hijoro ho vavolombelon'ny herin'i Kristy. Fenon'ny faniriana mafy indrindra hanohy ny asa efa natombok'i Kristy izy.*

*Tsapany ny halehiben'ny trosany tamin'ny lanitra sy ny andraikitra mitambesatra aminy. Nanome hery azy ny fanosoran'ny Fanahy Masina ka nandeha feno hafanam-po hanaparitaka ny fandresen'ny hazo fijaliana izy. Nanentana azy sy niteny tamin'ny alalany ny Fanahy. Namirapiratra teny amin'ny endriny ny fiadanan'i Kristy. Efa nanokana ny fiainany hanompo Azy izy, ka ny endriny mihitsy aza dia nahitana soritra ny amin'ny fanoloran-tena efa nataony.»* – Vavolombelona Mahery, tt. 41,42.

**Antom-bavaka**

Mivavaha mba hanafaka ny tsirairay ao amin'ny ankohonana sy namanao ny Fanahy Masina, ka hizara amin'ny olona rehetra ny vaovao mahafaly momba an'i Jesosy izy ireo.

**Mpianakavin'ny finoana**

**Fiarahabana**

**Fiaraha-mivavaka**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Mipetraha miaraka amin'ny vondrona kely misy anao. Hanasa ny vondrona kely tsirairay ny tompon'andraikitry ny vavaka, mba hivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra. Aorian'ny vavaka fohy, dia ho renareo ny tompon'andraikitry ny vavaka mitarika hira andininy iray, ka aoka hiara-mihira avokoa.

**Fiderana:**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Apôk. 1. Manana anarana maro i Jesosy ao amin'io toko io. Miderà an'i Jesosy noho ny anarany iray hita ao amin'io toko io.
2. (NY REHETRA) Manaova hira fiderana.

**Fiaiken-keloka:**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Apôk. 1:5 (tapany farany). Omeo fotoana ny mambra tsirairay ao amin'ny vondrona hanaovana fiaiken-keloka mangina.

2. Mitadiava famelan-keloka ao amin'i Jesosy, Ilay *"tia antsika sy nanasa antsika ho afaka amin'ny fahotantsika tamin'ny rany."*

3. (NY REHETRA) Manaova hira fiaiken-keloka.

**Fangatahana:**

1. (VONDRONA KELY) Mangataha amin'Andriamanitra Ray, amin'ny anaran'i Jesosy Ilay *"velona mandrakizay"* (Apôk. 1:18), mba haniraka ny Fanahy Masina hitahy ny Teniny.

2. (NY REHETRA) Manaova hira momba ny Fanahy Masina.

**Fijoroana ho vavolombelona**

(VONDRONA KELY)

Atambaro tsiroaroa na tsitelotelo ireo olona ao amin'ny vondrona kely misy anao. Anontanio sy valio: "Inona no nanampian'Andriamanitra anao tamin'ny 'Fanamby ao anatin'ny 24 ora' omaly?"

(Fanamby ao anatin'ny 24 ora, omaly: Mivavaha isan'andro mba handraisanao ny batisan'ny Fanahy Masina isan'andro. Raha azo atao, mandohaleha anio ary italahoy amin'Andriamanitra io Fanomezana sarobidy io! Ibebaho ny fahotana rehetra izay ampahatsiahivin'ny Fanahy Masina anao fa tokony hialanao. Vakio ny Asa. 2:14 sy ny 4:1–31 ho fiomanana ho amin'ny ampitso.)

**Fampiasana iaraha-manao**

TENY ATAON'NY MPITARIKA NY FOTOANA: Ho sahy hijoro irery eo anatrehan'ny olona maro ao anaty efitrano ve ianao raha toa ka …" (mitsangàna raha ENY ny valin-teninao)

- omena tapakila handehanana fiaramanidina maimaimpoana mankany amin'izay toerana tiany izay mitsangana?
- omena 1 Dôlara izay mitsangana voalohany?
- omena 3 minitra hilazana izay rehetra tiany holazaina amin'ny olona rehetra ao amin'ilay efitra izay mitsangana voalohany?

Hodinihintsika anio izay lazain'ny Tenin'Andriamanitra momba ny fahasahiana mijoro ho an'i Jesosy Kristy.

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra**

(VONDRONA KELY)

1. Vakio ny Asa. 4:1–13. Inona ireo antony roa nahatonga an'i Petera tsy nanan-tahotra nitory an'i Kristy? (Mariho ny Asa. 4:8,13)

2. Vakio ny Asa. 4:21–31. Inona no antom-bavak'ireo mpino?

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

*«Ny olona nanatrika teo ka nahatsiaro ny anjara noraisin'i Petera teo amin'ny fitsarana ny Tompony, dia nilokaloka fa azo ampitahorina fanaovana amponja sy fahafatesana izy izao. Ilay Petera nandà an'i Kristy tamin'ny ora nilany azy indrindra anefa dia nirehidrehitra sy natoky tena, ka samy hafa tanteraka tamin'ilay Petera izay nentina hodinihina teo anatrehan'ny Synedriona. Niova fo izy hatramin'ny nahalavoany. Tsy nizahozaho sy nirehareha intsony izy, na nanetry tena sy tsy natoky tena. Feno ny Fanahy Masina izy, ary ny fanampian'io hery io no nahatapa-kevitra azy hanala ny pentin'ny fihemorany amin'ny fanomezany voninahitra Ilay Anarana efa nolaviny indray mandeha.»*

– Vavolombelona

Mahery, tt. 57,58.

**Antom-bavaka**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Ao amin'ny vondrona kely misy anareo, mangataha ny Fanahy Masina mba hanampy ny tsirairay hitory ny Tenin'Andriamanitra amin'ny fahasahiana masina sy amin'ny fitiavana lehibe an'Andriamanitra.

**Antso**

TENY ATAON'NY MPITARIKA NY FOTOANA: Iza aminareo amin'ity hariva ity no mahatsapa fa manakana azy ny tahotra tsy hizara ny vaovao mahafaly momba an'i Jesosy amin'ny fianakaviana, ny namana, ny mpiara-mianatra, ny mpifanolo-bodirindrina, ny mpiara-miasa, na ny olon-tsy fantatra? Manasa anao aho hiara-mivavaka amiko, hangataka fahasahiana masina avy amin'ny Fanahy Masina mba hitory an'i Jesosy amin'ny toerana rehetra, amin'ny fotoana rehetra, na inona na inona sandany.

**Fanamby ao anatin'ny 24 Ora**

TENY ATAON'NY MPITARIKA NY FOTOANA: Angataho amin'Andriamanitra ny herim-pon'i Kristy mba hahafahanao mizara amin'ny hafa izay ataony eo amin'ny fiainanao. Mivavaha. Angataho Andriamanitra hitari-dalana anao amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ho any amin'olona iray mila mandre ny tantaranao sy izay ataon'i Jesosy eo amin'ny fiainanao. Lazao amin'io olona io ny amin'i Jesosy! Vakio ny Asa. 2:17,18 sy ny 4:24–31 ho fiomanana ho amin'ny

# 10 ANDROM-BAVAKA

## ANDRO 7 — MAMPIANATRA NY ANKIZY SY NY TARANAKA REHETRA MBA HITENY HO AN'I JESOSY

**Asa. 2:17, 18**

**Fotoana iarahana manokana amin'Andriamanitra**

**Vavaka**

**Diniho ny Tenin'Andriamanitra**

Vakio ny Joe. 3:1, 2. Inona no faminaniana momba ny firotsahan'ny Fanahy Masina ao amin'ireo andalan-teny ireo?

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

"Ny fikasan'Andriamanitra ho an'ireo zaza beazintsika ao an-tokantrano dia midadasika sy lalina ary avo kokoa noho izay mety ho takatry ny saintsika voafetra. Ireo niaina fiainana tsotra sy feno fietrena indrindra, izay hitany fa mahatoky, tamin'ny lasa, dia nantsoiny hijoro ho vavolombelony tany amin'ny toerana ambony indrindra teto amin'izao tontolo izao. Ary maro amin'ireo zatovolahy ankehitriny, izay mitombo tahaka ny nitomboan'i Daniela tao an-tokantranony tany Joda, nandinika ny Tenin'Andriamanitra sy ny Asany ary nianatra ny leson'ny fanompoana feno fahatokiana, no hijoro ho vavolombelon'ilay Mpanjakan'ny mpanjaka eo anatrehan'ireo manam-pahefana maro sy any amin'ny toeram-pitsarana ary any amin'ny lapan'ny mpanjaka.

Marobe no hantsoina hanao fanompoana midadasika kokoa. Vonona ny handray ny filazantsara izao tontolo izao. (…) Any amin'ny vazan-tany rehetra no andrenesana hiakiakan'ny fo torotoron'ny fahotana, maniry fatratra ny hahalala an'ilay Andriamanitra fitiavana. (…) Isika, izay nahazo izany fahalalana izany, miaraka amin'ireo zanatsika izay ampitantsika izany, no hamaly ireo antso ireo. Ny tokantrano sy ny sekoly tsirairay, ny ray aman-dreny sy ny mpampianatra ary ny zaza tsirairay izay nandray ny taratra mamirapiratry ny filazantsara, no iantefan'izao fanontaniana napetraka tamin'i Estera mpanjakavavy izao, raha niatrika fotoan-tsarotra tamin'ny tantaran'ny Isiraely izy (isika koa dia ao anatin'ny fotoan-tsarotra): '*iza no mahalala, fa angamba ho amin'izao andro izao mihitsy no nanandratana anao ho amin'ny fanjakana?*'" - The Adventist Home, t. 484.

**Antom-bavaka**

Angataho Andriamanitra hanao ny fiainanao ho fahatanterahan'io faminaniana fahiny io.

**Miara-mivavaka amin'ny ankohonana/namana**

**Fampiasana iaraha-manao**

Asao ny ankohonanao/ny namanao hanao faribolana. Aoka ny tsirairay hilaza ny fialam-boly iray na ny fahaiza-manao tiany hianarana amin'ny olona iray ao anatin'ny faribolana.

Tahaka ny fampitantsika ny talenta ananantsika amin'ny ankohonantsika/namantsika, dia azontsika atao koa ny mampita ny finoana sy ny herim-po ary ny toe-tsaina misionera.

**Fangatahana ny Fanahy Masina**

**Diniho ny Tenin'Andriamanitra**

Vakio ny Asa. 2:17, 18 sy ny Mal. 3:23, 24. Ahoana no hanomanan'ny hafatra ao amin'ny Malakia ny fon'ny ankohonana mba ho anisan'ny faminanian'ny andro farany izay voalaza ao amin'ny Asa. 2:17, 18?

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

"Ny ray aman-dreny dia tokony hihevitra ny tenany ho toy ny mpiasa ampiasain'Andriamanitra hampianatra ny zanany, tahaka izay nataon'i Abrahama, mba hitandrina ny lalan'i Jehovah. Ilain'izy ireo ny mandinika tsara ny Soratra Masina, mba hahalalany ny lalan'i Jehovah ka hampianarany izany amin'ny ankohonany. Hoy i Mika hoe: '(…) *izay ilain'i Jehovah aminao, dia izao ihany: Ny hanao ny marina sy ny ho tia famindram-po ary ny hanaraka an'Andriamanitrao amin'ny fanetren-tena*.'- Mika 6:8. Mba hahatonga ny ray aman-dreny ho mpampianatra dia tsy maintsy mianatra aloha izy ireo, mandray fahazavana betsaka avy amin'ny teny sy ny fitsipika ary ny ohatra avy amin'Andriamanitra izy ka mitondra izany fahazavana sarobidy izany ao amin'ny fanabeazana ny zanany.

Avy amin'ny fahazavana nomen'Andriamanitra ahy no nahalalako fa ny mpivady dia tokony ho mpitandrina, mpitsabo sy mpitaiza ary mpampianatra ao an-tokantrano. Mampifamatotra ireo zanany aminy sy amin'Andriamanitra izany no sady manofana azy ireo hanalavitra ny fahazarana rehetra izay hanohitra ny asan'Andriamanitra eo amin'ny tena, ary mampianatra azy ireo hikarakara ny ampahany rehetra amin'ny tenany."- The Adventist Home, t. 184.

**Antom-bavaka**

Angataho Andriamanitra hameno ny fonao amin'ny fitiavana be dia be, mba hampitodihanao ny fonao amin'ireo fianakavianao mila fanasitranana ara-pifandraisana.

**Mpianakavin'ny finoana**

**Fiarahabana**

**Fiaraha-mivavaka**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Mipetraha miaraka amin'ny vondrona kely misy anao. Hanasa ny vondrona kely tsirairay ny tompon'andraikitry ny vavaka,

mba hivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra. Aorian'ny vavaka fohy, dia ho renareo ny tompon'andraikitry ny vavaka mitarika hira andininy iray, ka aoka hiara-mihira avokoa.

**Fiderana:**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Joe. 2:1. Derao Andriamanitra noho ny fiverenan'i Jesosy fanindroany, izay antsoina ao amin'io andininy io hoe "*andron'i Jehovah*." Ho avy indray i Jesosy!
2. (HO AN'NY REHETRA) Manaova hira fiderana.

**Fibebahana:**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Joe. 2:12, 13. Italahoy Andriamanitra mba hampiverina ny fonao Aminy.
2. (HO AN'NY REHETRA) Manaova hira mitory fibebahana.

**Fangatahana:**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Joe. 2:15–17. Angataho Andriamanitra haniraka ny Fanahy Masina hanangona ny taranaka rehetra hankeo amin'i Jesosy Kristy zanany, dieny mbola misy ny fotoana.
2. (HO AN'NY REHETRA) Manaova hira momba ny Fanahy Masina.

**Fijoroana ho vavolombelona**

(VONDRONA KELY)

Mamoròna vondrona kely misy olona roa na telo. Apetraho izao fanontaniana izao ary valio: "Ahoana no nataon'Andriamanitra mba hanampiana anao manoloana ny 'Fanamby ao anatin'ny 24 Ora' omaly?"

(Fanamby ao anatin'ny 24 Ora omaly: Anontanio an'Andriamanitra ny fomba tsara indrindra hanamafisana sy hanatanjahana ny finoan'ny zanakao, na ny olona ao amin'ny ankohonanao, na ireo namanao, eo amin'ny dian'izy ireo ara-panahy. Alohan'ny fivoriana rahampitso, tanteraho avy hatrany izay hevitra omen'Andriamanitra anao mba hanatonana sy hanampiana olona iray amin'ireo. Vakio ny Asa. 2:17, 18; 4:24-31 ho fiomanana ho an'ny ampitso.)

**Fampiasana iaraha-manao**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Mamoròna tarika kely tsiroaroa na tsitelotelo. Lazao amin'ny iray tarika aminao ny momba ny olona iray izay nanampy anao hatoky sy hanaraka, ary hizara an'i Jesosy fony ianao mbola zaza na tanora. Ahoana no hahatonga antsika ho mpanabe sy mpanohana toy izany ho an'ny hafa?

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra** (VONDRONA KELY)

1. Vakio ny Asa. 2:17, 18. Rahoviana no hotanterahina io faminaniana io? Inona no hataon'ny olona amin'ny sokajin-taona tsirairay rehefa feno ny Fanahy Masina izy ireo?
2. Vakio ny Deo. 6:4–7. Ahoana no hanomanan'ny drafitr'Andriamanitra ao amin'ireo toko sy andininy ireo ny ankizy sy ny tanora hanao ny anjarany araka ny faminanian'ny Asa. 2:17, 18 momba ny andro farany?

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

"Noho ny fahendreny dia nanapa-kevitra ny Tompo fa ny ankohonana no ho sehatra lehibe indrindra amin'ny fanabeazana. Ao an-tokantrano no tokony hanombohana ny fanabeazana ny zaza. Ao no sekoliny voalohany. Ao no tokony hianarany ireo lesona izay hitari-dalana azy mandritra ny fiainany manontolo, ka ny ray aman-dreniny no mpampianatra izany - ny leson'ny fanajana, ny fankatoavana, ny fahatahorana an'Andriamanitra ary ny fifehezan-tena. Ny hery miasa manginan'ny fanabeazana ao an-tokantrano dia hery lehibe ho amin'ny tsara na ny ratsy. Amin'ny lafiny maro dia misoko mangina sy miandalana izany, kanefa raha ampiasaina araka ny tokony ho izy, dia ho tonga hery mahataka-davitra ho amin'ny fahamarinana. Raha tsy beazina araka ny tokony ho izy ny zaza dia hampianatra azy amin'ny alalan'ny masoivoho nofidiny i Satana. Manao ahoana re ny lanjan'ny fampianarana ny zaza ao an-tokantrano! Ataovy toy ny sekoly fanofanana ny tokantrano, izay anomananao ny zanakao ho amin'ny fanatanterahana ireo andraikiny ao an-tokantrano sy eo amin'ny fiarahamonina ary any am-piangonana."- The Adventist Home, t. 182.

**Antom-bavaka**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Ento am-bavaka ao amin'ny vondrona kely misy anao:

1. Ny ray aman-dreny, mba hanabe sy hitarika ny ankizy sy ny tanora ao an-tokantranony mba hatoky sy hanaraka ary hizara an'i Jesosy.
2. Ny tanora sy ny zokiolona mba hifanome tanana amin'ny fizarana an'i Jesosy eo amin'ny fiaraha-monina sy manerana izao tontolo izao.

**Antso**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Iza aminareo amin'ity takariva ity no mahatsapa fa tokony hampiasa ny fotoany sy ny heriny amin'ny fanabeazana sy ny fanofanana ny tanora mba hatoky sy hanaraka ary hizara an'i Jesosy, noho ny herin'ny Fanahy Masina? Andeha isika hiaraka hivavaka.

**Fanamby ao anatin'ny 24 Ora**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Angataho Andriamanitra haneho aminao ny fomba tsara indrindra hanamafisana sy hanohanana ny dian'ny finoana ataon'ny zanakao manokana, na ireo ankizy ao amin'ny fianakavianao na ny namanao. Alohan'ny fivoriana rahampitso, dia tanteraho avy hatrany izay hevitra omen'Andriamanitra anao mba hanatonana ny iray amin'ireo ankizy ireo. Vakio ny Asa. 2:41–47 ho fiomanana ho amin'ny ampitso.

# 10 ANDROM-BAVAKA

## ANDRO 8 — TOA AN'I JESOSY, TIAVO NY MPIANAKAVIN'NY FINOANA

**Asa. 2:41–47**

**Fotoana iarahana manokana amin'Andriamanitra**

**Vavaka**

**Diniho ny Tenin'Andriamanitra**

Vakio ny Asa. 2:41. Vahoaka be no nanampy ho isan'ny fiangonana voalohany; ahoana no mety ho nanozongozonan'izany ny fitiavan'ireo mpino voalohany?

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

"Rehefa voambara amin'ny teny sy ny asa ataon'ny mpino ny fahasoavan'i Kristy, dia voataratry ny fahazavana ireo izay mitoetra ao amin'ny haizina; satria sady manonona fiderana an'Andriamanitra ny molotra no mitsotra hanampy ireo izay very ny tanana. Voalaza ao amin'ny Baiboly fa tamin'ny andro Pentekosta, rehefa nilatsaka tamin'ny mpianatra ny Fanahy Masina, dia tsy nisy nanonona ny fananany ho azy na dia iray aza. Natokany hampandrosoana ilay hetsika fanavaozana mahafinaritra ny fananany rehetra. Olona an'arivony maro no niova fo tao anatin'ny indray andro. Rehefa hetsehin'ny fanahy iray toy izany koa ny mpino ankehitriny, ka mamerina amin'Andriamanitra amim-pahalalahan-tanana ny efa Azy rahateo, dia hisy asa lehibe sy mivelatra indrindra ho vita." - Manuscript 95, 1907, parag. 17)

*«Ny hafatry ny anjely voalohany ao amin'ny Apokalypsy 14, izay manambara fa tonga ny andro fitsaran'Andriamanitra ka miantso ny olona hatahotra Azy sy hiankohoka eo anatrehany dia nokendrena hampisaraka ny vahoaka misora-tena ho an'Andriamanitra amin'ny hery manimba miasa mangina avy amin'izao tontolo izao sy hampifoha azy hijery ny tena toetrany marina izay fatra-pitia an'izao tontolo izao sy ny fihemorana mahazo azy. Fampitandremana no nalefan'Andriamanitra ho an'ny fiangonana ao amin'io hafatra io izay, raha noraisina, dia ho nanitsy ny ratsy izay nampisaraka azy ireo taminy. Raha nekeny ny hafatra avy any an-danitra, ka naetriny teo anatrehan'i Jehovah ny fony ary nitady marina ny hiomana hijoro eo anatrehany izy, dia ho niseho teo aminy ny Fanahy sy ny herin'Andriamanitra. Ho tody indray teo amin'ny fahasambarany noho ny firaisana, ny finoana sy ny fitiavana izay nisy tamin'ny andron'ny apostoly ny fiangonana, fony ny mpino 'niray fo sy fanahy' ka 'nitory ny tenin'Andriamanitra tamin'ny fahasahiana', fony «ny olom-bonjena nanampin'ny Tompo isan'andro ho isany».* – Hery Mifanandrina, t. 393.

**Antom-bavaka**

Angataho Andriamanitra hameno fitiavana ny fonao, mba hahafahanao manampy sy mihevitra ireo olona antsoin'Andriamanitra ho isan'ity hetsika ara-paminanian'ny andro farany ity.

**Miara-mivavaka amin'ny ankohonana/namana**

**Fampiasana iaraha-manao**

Samia mifandimby mieritreritra zavatra iray nataon'ny olona tao amin'ny fianakavianao na ny namanao, izay nampiseho mazava taminao fa tena tiany ianao. Asehoy amin'ny fihetsika izany ary aoka ny hafa haminavina hoe inona izany.

**Fangatahana ny Fanahy Masina**

**Diniho ny Tenin'Andriamanitra**

Vakio ny Asa. 2:42–44. Toy ny ahoana no nifanehoan'ireo mambran'ny fiangonana voalohany fitiavana noho ny asan'ny Fanahy Masina?

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

«Ny mpino dia tokony hankamamy ny fitiavana izay nameno ny fon'ny Apostoly taorian'ny nilatsahan'ny Fanahy Masina. Tokony handroso amin'ny fankatoavana an-tsitrapo ilay didy vaovao izy ireo: «'*Aoka ho tahaka ny nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa*' – Jao. 13:34. Tena akaiky tokoa an'i Kristy izy ireo ka afaka nanatanteraka ny zavatra takiny. Natao hisongadina ny herin'ny Mpamonjy izay afaka manamarina ny mpanara-dia Azy amin'ny fahamarinany.» - Testimonies for the Church, b. 8, t. 241.

**Antom-bavaka**

Angataho ny Fanahy Masina mba hanampy ny tsirairay ao amin'ny ankohonanao na ireo namanao hahay hifankatia amin'ny teny sy amin'ny atao.

**Mpianakavin'ny finoana**

**Fiarahabana**

**Fiaraha-mivavaka**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Mipetraha miaraka amin'ny vondrona kely misy anao. Hanasa ny vondrona kely tsirairay ny tompon'andraikitry ny vavaka, mba hivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra. Aorian'ny vavaka fohy, dia ho renareo ny tompon'andraikitry ny vavaka mitarika hira andininy iray, ka aoka hiara-mihira avokoa.

**Fisaorana:**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny 1 Jao. 4:9,10. Misaora an'Andriamanitra noho ny fitiavana nasehony tamin'ny nanomezany an'i Jesosy antsika, mba hananantsika fiainana ao Aminy!
2. (NY REHETRA) Manaova hira fisaorana.

**Fiaiken-keloka:**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny 1 Jao. 4:11. Aoka isika hiaiky fa tsy mbola tia ny hafa araka izay iantsoan'Andriamanitra antsika hatao.
2. (NY REHETRA) Manaova hira fieken-keloka.

**Fangatahana:**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny 1 Jao. 4:19. Angataho Andriamanitra hanampy anao ho tia ny hafa ao amin'ny fiangonana noho ny herin'ny Fanahy Masina.
2. (NY REHETRA) Manaova hira momba ny Fanahy Masina.

**Fijoroana ho vavolombelona**

Atambaro tsiroaroa na tsitelotelo ireo olona ao amin'ny vondrona kely misy anao. Anontanio sy valio: "Inona no nanampian'Andriamanitra anao tamin'ny 'Fanamby ao anatin'ny 24 ora' omaly?"

(Fanamby ao anatin'ny 24 ora, omaly: Anontanio an'Andriamanitra ny fomba tsara indrindra hanamafisana sy hanatanjahana ny finoan'ny zanakao, na ny olona ao amin'ny ankohonanao, na ireo namanao, eo amin'ny dian'izy ireo ara-panahy. Alohan'ny fivoriana rahampitso, tanteraho avy hatrany izay hevitra omen'Andriamanitra anao mba hanatonana sy hanampiana olona iray amin'ireo. Vakio ny Asa. 2:41–47 ho fiomanana ho amin'ny ampitso.)

**Fampiasana iaraha-manao**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Mitambara tsiroaroa na tsitelotelo. Tantarao amin'ny namanao ny fotoana manan-danja iray izay nanehoan'ny mambra iray fitiavana anao na nanampiany anao, na ny nataony ho an'ny olona iray ao amin'ny fiangonana.

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra**

(VONDRONA KELY)

Vakio ny Asa. 2:41–45. Ahoana no nifanehoan'ireo mpino tamin'ny taonjato voalohany fitiavana feno fahafoizan-tena?

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

*«Taorian'ny nilatsahan'ny Fanahy Masina tamin'ny andro Pentekosta, dia lasa ny mpianatra nitory ny amin'ny Mpamonjy nitsangana tamin'ny maty tany amin'izao tontolo izao, ka ny zavatra tokana nameno ny sainy dia ny hamonjy ny fanahy. Nahatsapa fifaliana tao amin'ny hamamian'ny fiombonan'ny olona masina izy; nahay naneho fangorahana ny hafa izy, nifampitsimbina, nahafoy tena ary naniry hanolotra ny ainy ho an'ny fahamarinana. Nasehony teo amin'ny fiainany andavanandro ny fitiavana nohafaran'i Kristy hovoleny, ary tamin'ny teny sy ny asa fanaovan-tsoa tamim-pahalalahan-tanana no niezahany hampitsiry izany fitiavana izany tao amin'ny fon'ny hafa koa.»* – Vavolombelona Mahery, t. 484.

**Antom-bavaka**

TENY ATAON'NY MPITARIKA NY FOTOANA: Miaraha mivavaka ao amin'ny vondrona kely misy anareo; angataho ny Fanahy Masina hanitsy ny toe-tsaina feno tsy firaihana mety hananantsika manoloana ny mpianakavin'ny finoana izay sahirana.

**Antso**

TENY ATAON'NY MPITARIKA NY FOTOANA: Iza aminareo amin'ity hariva ity no vonona hangataka ny Fanahy Masina mba hanokatra ny fony, hitiavany sy hanampiany ny mpianakavin'ny finoana tahaka izay tsy mbola nataony hatrizay? Raha resy lahatra ianao, andao hiara-mivavaka amiko.

**Fanamby ao anatin'ny 24 ora**

TENY ATAON'NY MPITARIKA NY FOTOANA: Angataho Andriamanitra hanambara aminao izay tiany hataonao ho fanampiana olona iray ao amin'ny mpianakavin'ny finoana. Manàna fahafoizan-tena hanatanteraka io asam-pitiavana io alohan'ny fivoriana rahampitso.

# 10 ANDROM-BAVAKA

## ANDRO 9 — MAHITA SY MIKARAKARA IREO HADINON'NY FIARAHAMONINA

**Asa. 3:1–10**

**Fotoana iarahana manokana amin'Andriamanitra**

**Vavaka**

**Diniho ny Tenin'Andriamanitra**

Vakio ny Mat. 25:31–46. Iza no asain'i Jesosy karakaraintsika? Miantraika manokana amin'i Jesosy ny fikarakarantsika ireo olona hadinon'ny fiarahamonina, amin'ny fomba ahoana?

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

"*Ny fihetsika feno halemem-panahy tsirairay izay atao amin'izy ireo amin'ny anaran'i Jesosy dia ekeny toy ny hoe atao Aminy mihitsy, satria ampitoviany amin'ny tombontsoan'ny olombelona mijaly ny tombontsoany, ary nankininy tamin'ny fiangonany ny asa fanompoana an'i Jesosy amin'ny alalan'ny fanampiana sy fitahiana ireo izay mila izany sy ireo izay mijaly. Hitoetra eo amin'ireo izay hiasa ho azy ireo amin-tsitrapo ny fitahian'ny Tompo.*"- Torolalana ho amin'ny fahaiza-mitantana, t. 181.

**Antom-bavaka**

Mivavaha mba hanomezan'Andriamanitra anao maso mahita ireo izay mila fanampiana toy ny mahita an'i Jesosy, ka hikarakara azy ireo toy ny hoe mikarakara an'i Jesosy ianao.

**Miara-mivavaka amin'ny ankohonana/namana**

**Fampiasana iaraha-manao**

Asao ny tsirairay ao amin'ny ankohonanao na ny namanao hilazalaza momba ny olona iray fantany, izay mila fanampiana amin'ny lafiny iray. Nahoana no samy hafa ny olona mila fanampiana hitantsika?

**Fangatahana ny Fanahy Masina**

**Diniho ny Tenin'Andriamanitra**

Vakio ny Asa. 3:1–4. Imbetsaka i Petera sy i Jaona no nankao amin'ny tempoly, saingy tsy mbola voalaza mihitsy hatrizay fa nijanona teo amin'ny olona iray mila fanampiana izy ireo. Inona no nahatonga azy ireo nahita olona iray mila fanampiana tamin'ity indray mitoraka ity? (Jereo ny Asa. 2:4a)

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

"*Ny fomba fiasan'i Kristy ihany no hanome fahombiazana marina hahatrarana ny vahoaka. Nifangaro tamin'ny olona ny Mpamonjy toy ny anankiray izay nitady ny hahasoa azy ireo. Nasehony azy ny fangoraham-pony, nanompo teo amin'izay nilain'ireo Izy, ka nahazo ny fitokisany. Rehefa izany dia nibaiko azy Izy hoe: 'Manaraha Ahy'.*" – Tanamasoandron'ny Fahasalamana, t. 87

**Antom-bavaka**

Angataho Andriamanitra mba hanome anao ny fon'i Jesosy, izay tia ireo olona hadinon'ny fiarahamonina sy mila fanampiana.

**Mpianakavin'ny finoana**

**Fiarahabana**

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Mipetraha miaraka amin'ny vondrona kely misy anao. Hanasa ny vondrona kely tsirairay ny tompon'andraikitry ny vavaka, mba hivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra. Aorian'ny vavaka fohy, dia ho renareo ny tompon'andraikitry ny vavaka mitarika hira andininy iray, ka aoka hiara-mihira avokoa.

**Fisaorana:**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Mat. 9:35. Isaory Andriamanitra fa tsy fandaharanasa fotsiny no nataon'i Jesosy fa nanao fanompoana manokana teo amin'ny olona mihitsy Izy.
2. (HO AN'NY REHETRA) Manaova hira fisaorana.

**Fibebahana:**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Mat. 9:36. Aoka isika hiaiky fa tsy ampy ny fitiavantsika ny olona. Andeha isika hangataka amin'Andriamanitra mba hamela ny helotsika noho ny tsy fananantsika ny fangorahan'i Jesosy manoloana ireo sahirana.
2. (HO AN'NY REHETRA) Manaova hira mitory fibebahana.

**Fangatahana:**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Mat. 9:37, 38. Angataho Andriamanitra mba haniraka anao ho any amin'ny fijinjana, hikarakara ireo olona mila fanampiana.
2. (VONDRONA KELY) Manaova hira momba ny Fanahy Masina.

**Fijoroana ho vavolombelona**

(VONDRONA KELY)

Mamoròna vondrona kely misy olona roa na telo. Apetraho izao fanontaniana izao ary valio: "Ahoana no nataon'Andriamanitra mba hanampiana anao manoloana ny 'Fanamby ao anatin'ny 24 Ora' omaly?"

(Fanamby ao anatin'ny 24 Ora omaly: Anontanio an'Andriamanitra hoe fotoana, talenta, ary vola manao ahoana no azonao atolotra Azy ho fanohanana ny fitoriana ny filazantsara amin'izao fotoana izao. Rehefa asehony anao izany, dia omeo amim-pifaliana, amim-pahafoizan-tena, ary amim-pahavitrihana ho voninahitr'i Jesosy irery ihany! Vakio ny Asa. 3:1-10 ho fiomanana ho amin'ny ampitso.)

**Fampiasana iaraha-manao**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Mamoròna tarika kely tsiroaroa na tsitelotelo. Tantarao amin'ny iray tarika aminao ny momba ny fotoana iray nanehoan'ny olona tsy fantatra fangorahana teo anatrehan'ny toe-javatra nilanao fanampiana. Inona no fiantraikan'izany teo amin'ny fiainanao tamin'izany fotoana izany? Miaraha mangataka ny Fanahy Masina mba hitahiany ny Teny.

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra**

(VONDRONA KELY)

Vakio ny Asa. 3:1–10. Ahoana no nahatonga an'i Petera sy i Jaona hikarakara an'ilay lehilahy malemy rehefa nahita azy izy ireo?

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

"*Ilaina ny hanatonana akaiky ny olona amin'ny alalan'ny fiezahana ataon'ny tena mihitsy. Ho bebe kokoa ny vokatra azo raha ahena ny fotoana lanina amin'ny fitorian-teny fa ampitomboina kosa ny fotoana atokana hanaovana asa mivantana. Tsy maintsy vonjena ny mahantra, karakaraina ny marary, ampaherezina ny malahelo sy ny fadiranovana, ampianarina ny kely fahalalana, toroan-kevitra ny tsy ampy fanandramana. Tokony hitomany miaraka amin'ireo izay mitomany isika, ary hifaly miaraka amin'izay mifaly.*

*Raha ampian'ny hery mandresy lahatra izany, sy ny an'ny fivavahana, ary ny an'ny fitiavan'Andriamanitra, dia tsy maintsy hitondra vokatra ary tsy afaka ny tsy hitondra izany asa izany*. – Tanamasoandron'ny Fahasalamana, t. 87

**Antom-bavaka**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Mivavaha miaraka amin'ny vondrona kely misy anao, mivavaha mba hanananao maso mahita ny olona araka ny fahitan'i Jesosy azy. Mangataha fo feno fangorahana rehefa mahita olona sahirana nefa tsy misy manampy ianao.

**Antso**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Iza aminareo amin'ity takariva ity no mila ny fon'i Jesosy, izay tia ireo olona hadinon'ny fiarahamonina? Andeha isika hiaraka hivavaka ka hangataka mba hahay mangoraka ireo mila fanampiana, tahaka ny angorahan'i Jesosy azy ireo.

**Fanamby ao anatin'ny 24 Ora**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Angataho Andriamanitra hampahafantatra anao olona iray hadinon'ny fiarahamonina. Anontanio Izy ny amin'izay andrasan'izany olona izany aminao sy amin'i Jesosy Tompo. Mandehana manao asa fanompoana ho an'izany olona izany amin'ny anaran'i Jesosy, mialoha ny fivoriana rahampitso. Vakio ny Asa. 4:32-37 ho fiomanana ho amin'ny ampitso.

# 10 ANDROM-BAVAKA

## ANDRO 10 — AOKA HALALA-TANANA

**Asa. 4:32–37**

**Fotoana iarahana manokana amin'Andriamanitra**

**Vavaka**

**Diniho ny Tenin'Andriamanitra**

Vakio ny Asa. 4:32. Ahoana no hanoritsoritanao ireo mpino ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly?

Fanazavana omen'i Ellen White:

*«Vokatry ny firotsahan'ny Fanahy io fahalalahan-tanana teo amin'ny mpino io. Niray fo sy saina ireo voaova fo nanaraka ny Filazantsara. Zavatra iray no nahaliana sy nifehy azy, dia ny fahombiazan'ny iraka nankinina taminy; koa tsy nisy toerana ho an'ny fitsiriritana teo amin'ny fiainany. Lehibe noho ny fitiavany vola aman-karena ny fitiavany ny rahalahiny sy ny safidy niandaniany. Vavolombelona ny asany fa noheveriny ho sarobidy lavitra noho ny harena eto an-tany ny fanahin'ny olona.»* – Vavolombelona Mahery, t. 65.

**Antom-bavaka**

Angataho Andriamanitra hanome anao fo feno fahalalahan-tanana sy faniriana hiray saina marina amin'ireo mpiray fanantenana aminao.

**Miara-mivavaka amin'ny ankohonana/namana**

**Fampiasana iaraha-manao**

Manaova faribolana. Samia mifandimby maneho vetivety amin'ny alalan'ny fihetsika ny fanomezana nomen'ny olona iray anao tamim-pahafoizan-tena. Angataho ny Fanahy Masina hitahy ny Teniny.

**Fangatahana ny Fanahy Masina**

**Diniho ny Tenin'Andriamanitra**

Vakio ny Asa. 4:32,33. Inona no ifandraisan'ny fahalalahan-tanana be sy ny hery lehiben'ny Fanahy Masina?

**Fanazavana omen'i Ellen White:**

*«Tamin'ny fiangonana apôstôlika, dia tamin'ireo andro namirapiratra, sy raha mbola nazava teo aminy ny voninahitr'i Kristy nitsangana tamin'ny maty, dia voasoratra fa 'tsy nisy nanonona ny fananany ho azy, na dia iray aza (...) tsy nisy olona nalahelo teo aminy' - Asa. 4:32,34.*

*'Ary dia niray saina isan'andro izy ka nazoto nankeo an-kianjan'ny Tempoly ary namaky mofo tao an-trano ka nihinan-kanina tamin'ny fifaliana sy ny fahatsorampo, nidera an'Andriamanitra sady nahita fitia tamin'ny vahoaka rehetra. Ary ny olom-bonjena dia nanampin'ny Tompo isan'andro ho isan'ireo' - Asa. 2:46,47.*

*Katsaho any an-danitra sy ety an-tany fa tsy misy fahamarinana voambara, izay manan-kery noho ity voaseho eo amin'ny asam-pamindrampo atao amin'ireo mila ny fitiavantsika sy ny fanampiantsika. Izany no fahamarinana izay ao amin'i Jesôsy. Rehefa manatanteraka izay fitsipika volamena ireo mitondra ny anaran'i Kristy, dia hiaraka amin'ny filazantsara ny hery miseho tamin'ny andron'ny Apôstôly.*» – Sambatra, t. 121.

**Antom-bavaka**

Mivavaha mba hofenoin'ny Fanahy Masina fifaliana avy amin'i Jesosy ny fon'ny tsirairay ao amin'ny ankohonanao na ny namanao, ka hanomezan'izy ireo amim-pahafoizan-tena ho fampandrosoana ny asany maneran-tany.

**Mpianakavin'ny finoana**

**Fiarahabana**

**Fiaraha-mivavaka**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Mipetraha miaraka amin'ny vondrona kely misy anao. Hanasa ny vondrona kely tsirairay ny tompon'andraikitry ny vavaka, mba hivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra. Aorian'ny vavaka fohy, dia ho renareo ny tompon'andraikitry ny vavaka mitarika hira andininy iray, ka aoka hiara-mihira avokoa.

**Lazao**

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Sal. 78:4. Zarao amin'ny vondrona kely misy anao ireo asa sarobidy nataon'Andriamanitra teo amin'ny fiainanao nandritra ny 10 Androm-bavaka.
2. (NY REHETRA) Manaova hira fankasitrahana noho ireo fitahiana nomeny.

**Mibebaha**:

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Sal. 78:5–7,11. Aoka isika hiaiky amim-bavaka fa matetika hadinontsika ireo zava-dehibe nataon'Andriamanitra ho antsika. Mangataha famelan-keloka amin'Andriamanitra.
2. (NY REHETRA) Manaova hira momba ny famelan-keloka na ny famonjena.

**Mangataha**:

1. (VONDRONA KELY) Vakio ny Sal. 78:23,24. Mivavaha mba hanomezan'ny Fanahy Masina antsika fo tahaka ny an'Andriamanitra Raintsika, sy hanampiany antsika hanome amim-pahalalahan-tanana, tahaka ny ataony amintsika.
2. (NY REHETRA) Manaova hira fanoloran-tena na momba ny fahavononana.

**Mijoroa ho vavolombelona:**

(VONDRONA KELY) Atambaro tsiroaroa na tsitelotelo ireo olona ao amin'ny vondrona kely misy anao. Anontanio sy valio: "Inona no nanampian'Andriamanitra anao tamin'ny 'Fanamby ao anatin'ny 24 ora' omaly?"

(Fanamby ao anatin'ny 24 ora, omaly: Angataho Andriamanitra haneho aminao olona iray izay hadinon'ny fiarahamonina misy anao. Angataho Izy haneho aminao izay ilain'io olona io avy aminao sy avy amin'i Jesosy Tompo. Hatòny amin'ny anaran'i Jesosy io olona io alohan'ny fivoriana rahampitso. Vakio ny Asa. 4:32–37 ho fiomanana ho amin'ny rahampitso.

**Fampiasana iaraha-manao**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Anontanio ny olona ao amin'ny vondrona kely misy anao hoe: "Inona no zavatra mora ho anao (nefa manandanja) ny manome na mahafoy azy?" Avelao ny tsirairay hamaly. Avy eo, anontanio ny tsirairay hoe: "Inona no zavatra sarotra indrindra ho anao ny manome na mahafoy azy?"

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra**

(VONDRONA KELY)

Vakio ny Asa. 4:32–37. Inona no nandrisika ny fahalalahan-tanan'ireo mambran'ny fiangonana ireo ao amin'ny Asan'ny Apostoly? Ahoana no mety hiovan'ny fiarahamonina sy ny fiangonantsika raha mampihatra ny fahaizamizara toy ny voalaza ao amin'ireo andininy ireo isika?

Fanazavana omen'i Ellen White:

*«Ho toy izany hatrany rehefa manjaka ao amin'ny fiainana ny Fanahin'Andriamanitra. Izay manana ny fony feno ny fitiavan'i Kristy dia hanaraka ny ohatr'Ilay nanjary mahantra, mba hampanan-karena antsika ny fahantrany. Ny vola, ny fotoana, ny hery miasa mangina dia samy fanomezana noraisiny avy eo am-pelatanan'Andriamanitra ary tsy hisy vidiny izany raha tsy ampiasaina ho fitaovana hoenti-mampandroso ny asan'ny Filazantsara. Toy izany ny tao amin'ny fiangonana voalohany; ary rehefa hita ao amin'ny fiangonana ankehitriny fa nanaja ny fitiavany tsy ho eo amin'ny zavatra eo amin'izao tontolo*

*izao ny mambra noho ny herin'ny Fanahy, ka sitrapony ny hanao fahafoizan-tena mba hahazoan'ireo mpiara-belona aminy mandre ny Filazantsara, amin'izay dia hanan-kery indrindra amin'ny mpihaino ireo fahamarinana notorina.»* – Vavolombelona Mahery, tt. 65,66.

**Antom-bavaka**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Ao amin'ny vondrona kely misy anareo, angataho Andriamanitra mba hameno ny fonareo amin'ny fitiavany lalina hamonjy ny very. Mivavaha mba hosoloan'Andriamanitra fo be fitiavana sy fahafoizan-tena ny fontsika tia tena, mba hahafahantsika mamita ny iraka farany ho fanatrarana ny fanahy rehetra mialoha ny fiverenan'i Jesosy.

**Antso**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Iza aminareo eto amin'ity hariva ity no resy lahatra noho ny asan'ny Fanahy Masina fa hanolotra izay rehetra nomen'Andriamanitra azy mba hampandrosoana ny filazantsaran'i Jesosy Kristy? Andao àry hiaraka amiko hanokana ny fotoantsika, ny talentantsika, ny fananantsika, ary ny herintsika ho an'i Kristy.

**Fanamby ao anatin'ny 24 ora**

TENY ATAON'NY MPITARIKA FOTOANA: Anontanio an'Andriamanitra hoe fotoana, talenta, ary vola manao ahoana no azonao atolotra Azy ho fanohanana ny fitoriana ny filazantsara amin'izao fotoana izao. Rehefa asehony anao izany, dia omeo amim-pifaliana, amim-pahafoizan-tena, ary amim-pahavitrihana ho voninahitr'i Jesosy irery ihany!

Natontan'ny Trano Pirinty Advantista Soamanandrariny
BP 1134 Antananarivo 101
Lalam-pirenena mankany Toamasina (RN2), PK6
Tel. 037 37 110 44 - 037 37 107 25 - 034 86 606 99
e.mail <impriad@mea.adventist.mg>
Voatolotra ara-dalàna: 822-D/10.25
Ny natonta: 7565 isa